

32.12 - Raha mba hitanao mantsy ireo mpanao ratsy mitanondri-doha eo anatrehan'ny Tompony! "Tomponay ô, nahita sady nandre izahay, koa avereno àry izahay mba hahazoanay manao ny tsara, fa mino tanteraka izahay ankehitriny".

32.13 - Raha sitrakay, dia nomenay ny tsirairay ny tari-dàlana ho azy. Saingy tsy maintsy tanterahina ny teny avy Amiko: "Hofenoiko djiny sy olombelona mitambatra ny afo".

32.14 - "Andramo àry, noho ny fanadinoanareo ny fihonana amin'ity andro ity, dia hanadino anareo ihany koa izahay. Ka andramo ny famaizana mandrakizay, noho izay nataonareo".

32.15 - Izay miantoraka miankohoka ihany, no mino ireo andininy avy Aminay rehefa ampahatsiarovina izany, ka mankalaza sy midera ny voninahitry ny Tompony, ary tsy mirehareha.

32.16 - Miarina avy eo am-pandriany izy ireo mba hiantso ny Tompony, amim-pahatahorana sy amim-panantenana, ary dia mizara amin'izay natolotray ho azy izy ireo.

32.17 - Tsy misy ny mahafantatra izay nomanina ho azy ireo, ho fifalian'ny maso, mba ho valisoan'izay nataon'izy ireo.

32.18 - Mitovy amin'ny mpanao ratsy va ny mino? (Tsia) Tsy mitovy velively izy ireo!

32.19 - Ary ireo izay mino sy manao asa soa, dia hahazo fonenana any amin'ny zaridaina fialofana, ho valisoan'izay nataon'izy ireo.

32.20 - Fa izay nanao ratsy kosa, dia ny afo no ho fialofany, isaka ny te-hivoaka tao izy ireo dia haverina ao indray, ary hilazana hoe: "Andramo ny famaizan'ny afo, izay nolazainareo fa lainga".

وَلَوْ تَرَى إِذِ الْمُجْرِمُونَ نَاكِسُو أُرُؤُسِهِمْ عِنْدَ رَبِّهِمْ
رَبَّنَا أَبْصَرْنَا وَسَمِعْنَا فَارْجِعْنَا نَعْمَلْ صَالِحًا إِنَّا مُوقِنُونَ
﴿١٢﴾ وَلَوْ شِئْنَا لَآتَيْنَا كُلَّ نَفْسٍ هُدًى وَلَٰكِنْ حَقَّ الْقَوْلُ
مِنِّي لَأَمْلَأَنَّ جَهَنَّمَ مِنَ الْجِنَّةِ وَالنَّاسِ أَجْمَعِينَ ﴿١٣﴾
فَذُوقُوا بِمَا نَسِيتُمْ لِقَاءَ يَوْمِكُمْ هَٰذَا إِنَّا نَسِيتُكُمْ
وَذُوقُوا عَذَابَ الْخُلْدِ بِمَا كُنتُمْ تَعْمَلُونَ ﴿١٤﴾ إِنَّمَا يُؤْمِنُ
بِآيَاتِنَا الَّذِينَ إِذَا ذُكِّرُوا بِهَا خَرُّوا سُجَّدًا وَسَبَّحُوا بِحَمْدِ
رَبِّهِمْ وَهُمْ لَا يَسْتَكْبِرُونَ ﴿١٥﴾ تَتَجَافَى جُنُوبُهُمْ
عَنِ الْمَضَاجِعِ يَدْعُونَ رَبَّهُمْ خَوْفًا وَطَمَعًا وَمِمَّا رَزَقْنَاهُمْ
يُنْفِقُونَ ﴿١٦﴾ فَلَا تَعْلَمُ نَفْسٌ مَّا أُخْفِيَ لَهُم مِّن قُرَّةِ أَعْيُنٍ جَزَاءً
بِمَا كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿١٧﴾ أَفَمَن كَانَ مُؤْمِنًا كَمَن كَانَ فَاسِقًا
لَّا يَسْتَوُونَ ﴿١٨﴾ أَمَّا الَّذِينَ ءَامَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ فَلَهُمْ
جَنَّاتُ الْمَأْوَىٰ نُزُلًا بِمَا كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿١٩﴾ وَأَمَّا الَّذِينَ فَسَقُوا
فَمَأْوَاهُمُ النَّارُ كُلَّمَا أَرَادُوا أَن يَخْرُجُوا مِنْهَا أُعِيدُوا فِيهَا وَقِيلَ
لَهُمْ ذُوقُوا عَذَابَ النَّارِ الَّتِي كُنتُمْ بِهِ تُكَذِّبُونَ ﴿٢٠﴾

32.21 - Tsy maintsy ampanandramanay ny famaizana izy ireo eto an-tany, mialohan'ny famaizana lehibe, mba hiverenan'izy ireo (amin'ny lala-mahitsy).

32.22 - Iza no mpanao tsy rariny indrindra mihoatra izay nampahatsiarovina ireo andininy avy amin'ny Tompony, nefa nihodina taminy avy eo? Hamaly ireo mpanao ratsy tokoa Izahay.

32.23 - Nomenay an'i Mosesy tokoa ny Boky, koa aza misalasala ny amin'ny fihaonana aminy àry ianao, ary natokanay ho mpitari-dàlana ireo zanak'Israely izy.

32.24 - Ary nanendry mpitondra avy amin'izy ireo Izahay, hitari-dàlana araka ny didinay, raha mbola manam-paharetana izy ireo, ary mino tanteraka ireo andininy avy Aminay.

32.25 - Ny Tomponao, Izy no hanapaka ny amin'izy ireo, amin'ny andro fitsanganana, ny amin'izay tsy nampitovy hevitra azy ireo.

32.26 - Tsy nanoro lalana azy ireo va izy, firifiry ireo taranaka talohan'izy ireo naringanay, tao amin'ireo trano izay diavin'izy ireo ankehitriny? Misy porofo tokoa amin'izany! Ka tsy hihaino mihitsy àry va izy ireo?

32.27 - Tsy hitan'izy ireo va, fa atosikay ho amin'ny tany karankaina ny rano, ka ampanirianay voly, mba hohanin'izy ireo sy ny biby fiompiny? Moa tsy hitan'izy ireo àry va izany?

32.28 - Ary hoy izy ireo: "Rahoviana izany fandresena izany, raha olona mpilaza ny marina tokoa ianareo?".

32.29 - Dia lazao hoe: "Amin'ny andron'ny fandresena, dia tsy hisy ilain'ny tsy mpino intsony ny finoany! Ary tsy misy fanemoram-potoana homena azy ireo".

32.30 - Mihataha amin'izy ireo ianao, ka miandrasa. Fa izy ireo koa, dia eo am-piandrasana.

وَلَنَذِيقَنَّهُمْ مِنَ الْعَذَابِ الْأَذْنَى دُونَ الْعَذَابِ الْأَكْبَرِ
لَعَلَّهُمْ يَرْجِعُونَ ﴿٢١﴾ وَمَنْ أَظْلَمُ مِمَّنْ ذُكِّرَ بآيَاتِ رَبِّهِ ثُمَّ
أَعْرَضَ عَنْهَا إِنَّا مِنَ الْمُجْرِمِينَ مُنْقِمُونَ ﴿٢٢﴾ وَلَقَدْ آتَيْنَا
مُوسَى الْكِتَابَ فَلَا تَكُنْ فِي مِرْيَةٍ مِنْ لِقَائِهِ وَجَعَلْنَاهُ
هُدًى لِبَنِي إِسْرَءِيلَ ﴿٢٣﴾ وَجَعَلْنَا مِنْهُمْ أَيْمَةً يَهْدُونَ
بِأَمْرِنَا لِمَا صَبَرُوا وَكَانُوا بِآيَاتِنَا يُوقِنُونَ ﴿٢٤﴾ إِنَّ رَبَّكَ
هُوَ بِفَصْلِ بَيْنَهُمْ يَوْمَ الْقِيَمَةِ فِيمَا كَانُوا فِيهِ يَخْتَلِفُونَ
﴿٢٥﴾ أَوَلَمْ يَهْدِ لَهُمْ كَمْ أَهْلَكْنَا مِنْ قَبْلِهِمْ مِنَ الْقُرُونِ
يَمْشُونَ فِي مَسْكِنِهِمْ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ أَفَلَا يَسْمَعُونَ
﴿٢٦﴾ أَوَلَمْ يَرَوْا أَنَّا نَسُوقُ الْمَاءَ إِلَى الْأَرْضِ الْجُرُزِ فَنُخْرِجُ
بِهِ زُرْعَاتًا كُلٌّ مِنْهُ أُنْعَمُ لَهُمْ وَأنْفُسُهُمْ أَفَلَا يُبْصِرُونَ ﴿٢٧﴾
وَيَقُولُونَ مَتَى هَذَا الْفَتْحُ إِنْ كُنْتُمْ صَادِقِينَ ﴿٢٨﴾
قُلْ يَوْمَ الْفَتْحِ لَا يَنْفَعُ الَّذِينَ كَفَرُوا إِيْمَانُهُمْ وَلَا هُمْ يُنْظَرُونَ
﴿٢٩﴾ فَأَعْرِضْ عَنْهُمْ وَانْتَظِرِ إِنَّهُمْ مُنْتَظَرُونَ ﴿٣٠﴾

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

33.1 - Ry Mpaminany! Matahora an'Andriamanitra ianao, ary aza mankato ireo tsy mpino sy ireo mpihatsaravelatsihy, fa Mahafantatra ny zavatra rehetra sy be Fahendrena Andriamanitra.

33.2 - Ary aoka ianao hanaraka izay efa nambara taminao avy amin'ny Tomponao, fa Mahafantatra tsara izay ataonareo Andriamanitra.

33.3 - Ary miantehera amin'Andriamanitra ianao, fa ampy ho mpiaro Andriamanitra

33.4 - Tsy nametraka fo roa ao an-tratran'ny olona Andriamanitra. Tsy nampitoviany tamin'ny Reninareo mihitsy ny vadinareo (izay roahinareo amin'ny teny hoe:) "Toy ny lamosin-dReniko ihany ianao (fady ahy)". Tsy nataony mitovy amin'ny zaza naterakareo ny zaza natsanganareo. Teny naloaky ny vavanareo izany. Fa miteny ny marina Andriamanitra, ary lzy no mitarika (ny olona) ho amin'ny lalana tsara.

33.5 - Antsoy amin'ny anaran-dRainy izy ireo, fa izany no tena marina eo anatrehan'Andriamanitra. Fa raha tsy fantatrareo ny Rainy, dia ataovy ho toy ny rahalahinareo amin'ny finoana izy ireo, na toy ny namanareo. Tsy anomezana tsiny anareo, izay hadisoana tsy niniana, fa (hanomezana tsiny anareo kosa) izay inian'ny fonareo atao. Fa Mpamela heloka sy be Indrafo Andriamanitra.

33.6 - Manan-jo kokoa amin'ireo mpino ny Mpaminany, mihoatra ny zo hananan'izy ireo amin'ny tenany, ary ireo vadiny dia renin'izy ireo. Manan-danja kokoa ny rohim-pihavanana noho ny fifamatorana mampiray ny mpino (tao Madinah) sy ireo mpifindra-monina (avy any Lamaka), araka ny Bokin'Andriamanitra, raha tsy hoe misy didim-pananana ara-dalana manome tombontsoa ireo rahalahinareo amin'ny finoana. Ary voasoratra ao amin'ny Boky izany.

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

يَا أَيُّهَا النَّبِيُّ اتَّقِ اللَّهَ وَلَا تُطِعِ الْكَافِرِينَ وَالْمُنَافِقِينَ إِنَّ اللَّهَ كَانَ عَلِيمًا حَكِيمًا ﴿١﴾ وَاتَّبِعْ مَا يُوحَىٰ إِلَيْكَ مِنْ رَبِّكَ إِنَّ اللَّهَ كَانَ بِمَا تَعْمَلُونَ خَبِيرًا ﴿٢﴾ وَتَوَكَّلْ عَلَى اللَّهِ وَكَفَىٰ بِاللَّهِ وَكِيلًا ﴿٣﴾ مَا جَعَلَ اللَّهُ لِرَجُلٍ مِنْ قَلْبَيْنِ فِيْ جَوْفِهِ ۖ وَمَا جَعَلَ أَزْوَاجَكُمُ اللَّائِي تُظَاهِرُونَ مِنْهُنَّ أُمَّهَاتِكُمْ ۚ وَمَا جَعَلَ أَدْعِيَاءَكُمْ أَبْنَاءَكُمْ ۚ ذَٰلِكُمْ قَوْلُكُمْ بِأَفْوَاهِكُمْ ۖ وَاللَّهُ يَقُولُ الْحَقَّ وَهُوَ يَهْدِي السَّبِيلَ ﴿٤﴾ ادْعُوهُمْ لِأَبَائِهِمْ هُوَ أَقْسَطُ عِنْدَ اللَّهِ فَإِنْ لَمْ تَعْلَمُوا آبَاءَهُمْ فَإِخْوَانُكُمْ فِي الدِّينِ وَمَوَالِيكُمْ وَلَيْسَ عَلَيْكُمْ جُنَاحٌ فِيمَا أَخْطَأْتُمْ بِهِ ۚ وَلَكِنْ مَا تَعَمَّدَتْ قُلُوبُكُمْ ۚ وَكَانَ اللَّهُ غَفُورًا رَحِيمًا ﴿٥﴾ النَّبِيُّ أَوْلَىٰ بِالْمُؤْمِنِينَ مِنْ أَنْفُسِهِمْ ۚ وَأَزْوَاجُهُ أُمَّهَاتُهُمْ ۚ وَأُولُو الْأَرْحَامِ بَعْضُهُمْ أَوْلَىٰ بِبَعْضٍ فِي كِتَابِ اللَّهِ مِنَ الْمُؤْمِنِينَ وَالْمُهَاجِرِينَ إِلَّا أَنْ تَفْعَلُوا إِلَىٰ أَوْلِيَائِكُمْ مَّعْرُوفًا ۚ كَانَ ذَٰلِكَ فِي الْكِتَابِ مَسْطُورًا ﴿٦﴾



33.7 - Raha nandray ny faneken'izy ireo avy amin'ireo Mpaminany Izahay, toy izany koa ny avy aminao, tamin'i Noa, Abrahama, Mosesy sy Jesoa zanak'i Maria; dia noraisinay tamin'izy ireo tamin'ny fomba hentitra tokoa izany fanekena izany,

33.8 - mba hanontanian'Andriamanitra mikasika ny fahatsoram-pon'ireo olo- marina. Ary nanomana famaizana mamirifiry ho an'ireo tsy mpino izy.

33.9 - Ianareo mpino! Tsarovy ny soa nataon'Andriamanitra taminareo, rehefa nisy andian-tafika tonga teo aminareo, ka nandefasany rivotra sy andian-tafika tsy hitan'ny masonareo hanohitra azy ireo. Fa Mahita izay ataonareo mandrakariva Andriamanitra.

33.10 - Rehefa tonga teo aminareo izy ireo, avy any ambony sy avy any ambaninareo, ka jambena ny maso ary an-tenda ny aina (nisondrotra hatreny an-tenda ny fo), dia naminavina zavatra samihafa mikasika an'Andriamanitra ianareo.

33.11 - Voasedra sy voahozongozona mafy tokoa ireo mpino tamin'izany.

33.12 - Ary rehefa izany dia niteny ireo mpihatsaravelatsihy, sy ireo izay misy aretina ao am-pony hoe: "Fitaka ihany ny nampanantenain'Andriamanitra anay sy ilay Iraka avy Aminy".

33.13 - Niteny koa ny sasany tamin'izy ireo hoe: "Ry vahoakan'i Yathrib(*)! Aza mijanona eto ianareo, fa miverena". Nangataka alalana tamin'ny Mpaminany ny sasany tamin'izy ireo hoe: "Tsy misy mpiambina ny fonenanay". Nefa dia tsy izany fa te-handositra izy ireo.

33.14 - Ary raha nisy tafiditra avy amin'ny sisin'ny tanàna, ka nanery azy ireo handà ny finoany, dia ho nanao izany tokoa izy ireo, ary tsy niandry ela akory,

33.15 - talohan'izany anefa, dia efa nifanaiky tamin'Andriamanitra izy ireo fa tsy handositra. Fa ny fifanekena rehetra natao tamin' Andriamanitra, dia tsy maintsy ho hanontaniana avokoa.

(*) Yathrib: anarana nomena ny tanànan'i Madinah fahiny.

وَإِذْ أَخَذْنَا مِنَ النَّبِيِّينَ مِيثَاقَهُمْ وَمِنْكَ وَمِنْ نُوحٍ وَإِبْرَاهِيمَ
وَمُوسَى وَعِيسَى ابْنِ مَرْيَمَ وَأَخَذْنَا مِنْهُمْ مِيثَاقًا غَلِيظًا ﴿٧﴾
لِيَسْأَلَ الصَّادِقِينَ عَنْ صِدْقِهِمْ وَأَعَدَّ لِلْكَافِرِينَ عَذَابًا أَلِيمًا
﴿٨﴾ يٰٓأَيُّهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا أَذْكُرُوا نِعْمَةَ اللَّهِ عَلَيْكُمْ إِذْ جَاءَتْكُمْ
جُنُودٌ فَأَرْسَلْنَا عَلَيْهِمْ رِيحًا وَجُنُودًا لَّمْ تَرَوْهَا وَكَانَ اللَّهُ
بِمَا تَعْمَلُونَ بَصِيرًا ﴿٩﴾ إِذْ جَاءَكُمْ مِنْ فَوْقِكُمْ وَمِنْ أَسْفَلَ
مِنْكُمْ وَإِذْ زَاغَتِ الْأَبْصَارُ وَبَلَغَتِ الْقُلُوبُ الْحَنَاجِرَ
وَتَظُنُّونَ بِاللَّهِ الظُّنُونًا ﴿١٠﴾ هُنَالِكَ ابْتُلِيَ الْمُؤْمِنُونَ وَزُلْزِلُوا
زُلْزَالًا شَدِيدًا ﴿١١﴾ وَإِذْ يَقُولُ الْمُنَافِقُونَ وَالَّذِينَ فِي قُلُوبِهِمْ
مَّرَضٌ مَّا وَعَدَنَا اللَّهُ وَرَسُولُهُ إِلَّا غُرُورًا ﴿١٢﴾ وَإِذْ قَالَت طَّائِفَةٌ
مِّنْهُمْ يٰٓأَهْلَ يَثْرِبَ لَا مُقَامَ لَكُمْ فَارْجِعُوا وَيَسْتَأْذِنُ فَرِيقٌ
مِّنْهُمُ النَّبِيَّ يَقُولُونَ إِنَّ بُيُوتَنَا عَوْرَةٌ وَمَا هِيَ بِعَوْرَةٍ إِن يُرِيدُونَ إِلَّا
فِرَارًا ﴿١٣﴾ وَلَوْ دَخَلَتْ عَلَيْهِمْ مِّنْ أَقْطَارِهَا ثُمَّ سَأَلُوا الْفِتْنَةَ
لَأَتَوْهَا وَمَا تَلَبَّثُوا فِيهَا إِلَّا بَسِيرًا ﴿١٤﴾ وَلَقَدْ كَانُوا عَاهِدُوا
اللَّهَ مِنْ قَبْلُ لَا يُؤَلُّونَ الْأَدْبُرَ وَكَانَ عَهْدُ اللَّهِ مَسْئُولًا ﴿١٥﴾

33.16 - Dia lazao hoe: "Tsy hahazoanareo tombontsoa ny fandosirana, raha ny fahafatesana na ny famonoana no andosiranareo, fa ho fotoana fohy ihany ny fahafinaretanareo amin'izany".

33.17 - Lazao hoe: "Iza no afaka hiaro anareo amin'Andriamanitra, raha hanisy ratsy anareo izy, na hamindrafo anareo?". Ary tsy hahita mpiahy na mpamonjy ankoatra an'Andriamanitra izy ireo.

33.18 - Efa fantatr'Andriamanitra tokoa izay mametraka sakantsakana aminareo, sy izay miteny amin'ny rahalahiny hoe: "Ndeha hiaraka aminay", nefa tsy miezaka mafy akory izy ireo amin'ny ady,

33.19 - fa mahihitra aminareo tokoa izy ireo. Ary rehefa azon'ny tahotra izy ireo, dia hitanao fa mijery anao amin'ny maso mivadibadika, tahaka ny olona torana noho ny fahatahorana ny fahafatesana. Rehefa afaka ny tahotra, dia manome teny maharary anareo izy ireo, nefa dia mahihitra amin'ny fanaovan-tsoa. Tsy nino mihitsy izy ireo, ka dia nataon'Andriamanitra very maina ny asany. Eny! Mora amin'Andriamanitra izany.

33.20 - Heverin'izy ireo fa mbola tsy lasa ireo andiany nitambatra. Nefa raha niverina ireo andiany nitambatra, dia naleony nifindra-monina niaraka tamin'ireo mpifindrafindra fonenana arabo, ka nanontany vaovao mikasika anareo fotsiny ihany. Fa raha niaraka taminareo izy ireo, dia zara raha niatrika ady.

33.21 - Tena manana ohatra fakan-tahaka tsara tokoa ianareo amin'ny Irak'Andriamanitra, ho an'izay manantena an'Andriamanitra sy ny andro farany, ary mahatsiaro an'Andriamanitra mandrakariva.

33.22 - Ary rehefa nahita ireo andiany nitambatra ny mpino, dia hoy izy ireo: "Indro ilay nampanantenain'Andriamanitra sy ny Irany taminay. Ary marina ny voalazan'Andriamanitra sy ny Irany". Fa vao mainka nampitombo ny finoana sy ny faneken'izy ireo izany.

قُلْ لَنْ يَنْفَعَكُمْ الْفِرَارُ إِنْ فَرَرْتُمْ مِنَ الْمَوْتِ أَوِ الْقَتْلِ وَإِذَا لَا تُمْنَعُونَ إِلَّا قَلِيلًا ﴿١٦﴾ قُلْ مَنْ ذَا الَّذِي يَعْصِمُكُمْ مِنَ اللَّهِ إِنْ أَرَادَ بِكُمْ سُوءًا أَوْ أَرَادَ بِكُمْ رَحْمَةً وَلَا يَجِدُونَ لَهُمْ مِنْ دُونِ اللَّهِ وَلِيًّا وَلَا نَصِيرًا ﴿١٧﴾ قَدْ يَعْلَمُ اللَّهُ الْمَعُوفِينَ مِنْكُمْ وَالْقَائِلِينَ لِإِخْوَانِهِمْ هَلُمْ إِلَيْنَا وَلَا يَأْتُونَ الْبَاسَ إِلَّا قَلِيلًا ﴿١٨﴾ أَشِحَّةً عَلَيْكُمْ فَإِذَا جَاءَ الْخَوْفُ رَأَيْتَهُمْ يَنْظُرُونَ إِلَيْكَ تَدُورُ أَعْيُنُهُمْ كَالَّذِي يُغْشَى عَلَيْهِ مِنَ الْمَوْتِ فَإِذَا ذَهَبَ الْخَوْفُ سَلَقُوكُمْ بِالسِّنَةِ حِدَادٍ أَشِحَّةً عَلَى الْخَيْرِ أُولَئِكَ لَمْ يُؤْمِنُوا فَأَحْبَطَ اللَّهُ أَعْمَلَهُمْ وَكَانَ ذَلِكَ عَلَى اللَّهِ يَسِيرًا ﴿١٩﴾ يَحْسَبُونَ الْأَحْزَابَ لَمْ يَذْهَبُوا وَإِنْ يَأْتِ الْأَحْزَابُ يَوَدُّوا لَوْ أَنَّهُمْ بَادُوتَ فِي الْأَعْرَابِ يَسْأَلُونَ عَنْ أَنْبَائِكُمْ وَلَوْ كَانُوا فِيكُمْ مَا قَاتَلُوا إِلَّا قَلِيلًا ﴿٢٠﴾ لَقَدْ كَانَ لَكُمْ فِي رَسُولِ اللَّهِ أُسْوَةٌ حَسَنَةٌ لِمَنْ كَانَ يَرْجُوا اللَّهَ وَالْيَوْمَ الْآخِرَ وَذَكَرَ اللَّهَ كَثِيرًا ﴿٢١﴾ وَلَمَّا رَأَى الْمُؤْمِنُونَ الْأَحْزَابَ قَالُوا هَذَا مَا وَعَدَنَا اللَّهُ وَرَسُولُهُ وَصَدَقَ اللَّهُ وَرَسُولُهُ وَمَا زَادَهُمْ إِلَّا إِيمَانًا وَتَسْلِيمًا ﴿٢٢﴾

33.23 - Misy lehilahy amin'ireo mpino, izay nanaja amim-pitokiana ny fifanekena nataony tamin'Andriamanitra. Misy amin'izy ireny no efa nahatratra ny tanjony, ny sasany kosa mbola miandry, ary tsy mbola niova mihitsy izy ireo;

33.24 - mba hanomezan'Andriamanitra valisoa ireo olo-marina noho ny fahamarinany, ary hamaizany ireo mpihatsaravelatsihy raha sitrany, na koa hanekenany ny fibebahan'izy ireo. Fa Mpamela heloka sy be Indrafo Andriamanitra.

33.25 - Ary dia naverin'Andriamanitra ireo tsy mpino sy ny haromotany, ka tsy nahazo zavatra tsara mihitsy izy ireo, ary nafahan'Andriamanitra tamin'ny ady kosa ireo mpino. Fa Matanjaka sy Tsitoha Andriamanitra.

33.26 - Ary dia nampidininy avy eny amin'ny mandan'ny olon'ny Boky ireo izay nanampy azy ireo (nikambana), ka nampidirany tahotra tao am-pony, novonoinareo ny andiany iray tamin'izy ireo, ary nataonareo babo kosa ny andiany iray hafa.

33.27 - Ary dia nasainy nandova ny tanin'izy ireo ianareo, ny fonenany sy ny fananany, ary koa tany izay tsy mbola nodiavinareo mihitsy. Fa Mahefa ny zavatra rehetra Andriamanitra.

33.28 - Ry Mpaminany! Lazao amin'ireo vadinao hoe: "Raha ny fiainana an-tany sy ny rendrarendrany no irinareo, dia avia ianareo! Fa omeko izay hifalianareo, ary halefako tsy misy arakaraka.

33.29 - Fa raha Andriamanitra kosa no tianareo, sy ny lran'ny any ny fonenana any an-koatra, dia nanomana valisoa lehibe tokoa Andriamanitra ho an'izay mpanao ny tsara aminareo.

33.30 - Ry vadin'ny Mpaminany! Izay manao zavatra mamofady aminareo, ka voaporofo izany, dia hatao avo roaheny ny famaizany! Fa mora ho an'Andriamanitra izany.

مِّنَ الْمُؤْمِنِينَ رِجَالٌ صَدَقُوا مَا عَاهَدُوا اللَّهَ عَلَيْهِ فَمِنْهُمْ مَّن قَضَىٰ نَحْبَهُ وَمِنْهُمْ مَّن يَنْتَظِرُ وَمَا بَدَّلُوا تَبْدِيلًا ﴿٢٣﴾ لِيَجْزِيَ اللَّهُ الصَّادِقِينَ بِصِدْقِهِمْ وَيُعَذِّبَ الْمُنَافِقِينَ إِن شَاءَ أَوْ يَتُوبَ عَلَيْهِمْ إِنَّ اللَّهَ كَانَ غَفُورًا رَّحِيمًا ﴿٢٤﴾ وَرَدَّ اللَّهُ الَّذِينَ كَفَرُوا بِغَيْظِهِمْ لَمْ يَنَالُوا خَيْرًا وَكَفَى اللَّهُ الْمُؤْمِنِينَ الْقِتَالَ وَكَانَ اللَّهُ قَوِيًّا عَزِيزًا ﴿٢٥﴾ وَأَنْزَلَ الَّذِينَ ظَاهَرُوهُمْ مِّنْ أَهْلِ الْكِتَابِ مِنْ صَيَاصِيهِمْ وَقَذَفَ فِي قُلُوبِهِمُ الرُّعْبَ فَرِيقًا تَقْتُلُونَ وَتَأْسِرُونَ فَرِيقًا ﴿٢٦﴾ وَأَوْرَثَكُمْ أَرْضَهُمْ وَدِيَارَهُمْ وَأَمْوَالَهُمْ وَأَرْضًا لَّمْ تَطْثُوهَا وَكَانَ اللَّهُ عَلَىٰ كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرًا ﴿٢٧﴾ يَأَيُّهَا النَّبِيُّ قُلْ لِّأَزْوَاجِكَ إِن كُنْتُنَّ تُحِدْنَ الْحَيَاةَ الدُّنْيَا وَزِينَتَهَا فَتَعَالَيْنَ أُمَتِّعْكُنَّ وَأُسَرِّحْكُنَّ سَرَاحًا جَمِيلًا ﴿٢٨﴾ وَإِن كُنْتُنَّ تُرِدْنَ اللَّهَ وَرَسُولَهُ وَالذَّارَ الْآخِرَةَ فَإِنَّ اللَّهَ أَعَدَّ لِلْمُحْسِنَاتِ مِنكُنَّ أَجْرًا عَظِيمًا ﴿٢٩﴾ يٰنِسَاءَ النَّبِيِّ مَن يَأْتِ مِنكُنَّ بِفَحْشَةٍ مُّبِينَةٍ يُضَعَفْ لَهَا الْعَذَابُ ضِعْفَيْنِ وَكَانَ ذَٰلِكَ عَلَى اللَّهِ يَسِيرًا ﴿٣٠﴾

FIZARANA FAHAROAMBIROAPOLO

33.31 - Ary izay manaiky tanteraka an'Andriamanitra sy ny Irany, ka manao ny tsara, dia hataonay avo roaheny ny valisoany, ary hanomananay fanomezana sesehena izy.

33.32 - Ry vadin'ny Mpaminany! Tsy mitovy amin'ny vehivavy hafa rehetra ianareo. Raha mpivavaka ianareo, dia aoka tsy hiangoty loatra amin'ny fomba fiteny, mba tsy hitsiriritan'izay manana fo marary. Ary aoka ianareo hanao fiteny mendrika.

33.33 - Mipetraha ao an-tokantranonareo ianareo, fa aza misehoseho tahaka ireo vehivavy tamin'ny andron'ny tsy fahalalana (talohan'ny Islam). Tanteraho ny vavaka fanompoana (soalat), ary omeo ny harena fiantrana (zakat), ka aoka ianareo hankato an'Andriamanitra sy ny Irany. Ny hanala ny fahalotoana aminareo no tadiavin'Andriamanitra, ry fianakavian'ny Mpaminany, ary ny hanadio anareo tanteraka.

33.34 - Ary tsarovy izay andininy sy fahendrena avy amin'Andriamanitra novakiana tao amin'ny fonenanareo. Fa feno hamoram-po sy Mahafantatra tanteraka ny zavatra rehetra Andriamanitra.

33.35 - Ireo mpankato an'Andriamanitra, lahy sy vavy, ireo mpino lahy sy vavy, ireo mpanolotena lahy sy vavy, ireo olo-marina lahy sy vavy, ireo manam-paharetana lahy sy vavy, ireo manam-pahatahorana lahy sy vavy, ireo tia miantra lahy sy vavy, ireo mpifehy tena lahy sy vavy, ireo mpiaro ny fahadiovam-pitondrantenany lahy sy vavy, ireo mpahatsiaro mandrakariva an'Andriamanitra lahy sy vavy; nanomana famelan-keloka sy valisoa lehibe ho azy ireo Andriamanitra.

وَمَنْ يَقْنُتْ مِنْكُمْ لِلَّهِ وَرَسُولِهِ وَتَعْمَلْ صَالِحًا نُوتِهَا
أَجْرَهَا مَرَّتَيْنِ وَأَعْتَدْنَا لَهُا رِزْقًا كَرِيمًا ﴿٣١﴾ يٰنِسَاءَ النَّبِيِّ
لَسْتُنَّ كَأَحَدٍ مِنَ النِّسَاءِ اِنْ اَتَقَيْتُنَّ فَلَا تَخْضَعْنَ بِالْقَوْلِ
فَيَطْمَعَ الَّذِي فِي قَلْبِهِ مَرَضٌ وَقُلْنَ قَوْلًا مَعْرُوفًا ﴿٣٢﴾ وَقرن
فِي بُيُوتِكُنَّ وَلَا تَبَرَّجْنَ تَبَرُّجَ الْجَاهِلِيَّةِ الْأُولَى وَأَقِمْنَ
الصَّلَاةَ وَءَاتِينَ الزَّكَاةَ وَأَطِعْنَ اللَّهَ وَرَسُولَهُ إِنَّمَا
يُرِيدُ اللَّهُ لِيُذْهِبَ عَنْكُمُ الرِّجْسَ أَهْلَ الْبَيْتِ وَيُطَهِّرَكُمْ
تَطْهِيرًا ﴿٣٣﴾ وَأَذْكُرْ مَا يَتْلَى فِي بُيُوتِكُنَّ مِنْ
آيَاتِ اللَّهِ وَالْحِكْمَةِ إِنَّ اللَّهَ كَانَ لَطِيفًا خَبِيرًا ﴿٣٤﴾
إِنَّ الْمُسْلِمِينَ وَالْمُسْلِمَاتِ وَالْمُؤْمِنِينَ وَالْمُؤْمِنَاتِ
وَالْقَنِينَ وَالْقَنِينَ وَالصَّادِقِينَ وَالصَّادِقَاتِ وَالصَّابِرِينَ
وَالصَّابِرَاتِ وَالْخَاشِعِينَ وَالْخَاشِعَاتِ وَالْمُتَصَدِّقِينَ
وَالْمُتَصَدِّقَاتِ وَالصَّابِغِينَ وَالصَّابِغَاتِ وَالْحَفِظِينَ
فُرُوجَهُمْ وَالْحَافِظَاتِ وَالذَّاكِرِينَ اللَّهَ كَثِيرًا
وَالذَّاكِرَاتِ أَعَدَّ اللَّهُ لَهُمْ مَغْفِرَةً وَأَجْرًا عَظِيمًا ﴿٣٥﴾

33.36 - Tsy anjaran'ny mpino lahy, na ny mpino vavy ny misafidy amin'ny fanatanterahany zavatra iray, rehefa voatapak'Andriamanitra sy ny lrany izany. Ary izay tsy mankato an'Andriamanitra sy ny lrany, dia tena very lalana tokoa.

33.37 - Rehefa niteny tamin'ilay nomen'Andriamanitra fahasoavana sesehena ianao, ary nanaovanao soa ihany koa, nanao hoe: "Tazony ho anao ny vadinao, ary matahora an'Andriamanitra", ka nafeninao tao anatin'izay nasehon'Andriamanitra niharihary. Natahotra ny olona ianao, nefa Andriamanitra no mendrika hatahorana indrindra. Ary rehefa nitsahatra tsy niaraka taminy intsony i Zayd, dia nasainay nalainao ho vady izy, mba tsy hanomezan-tsiny ny mpino amin'ny fanambadiany ny vadin'ireo zaza natsangany, rehefa nitsahatra ny fifandraisan'izy ireo. Tsy maintsy tanterahina ny didin'Andriamanitra.

33.38 - Tsy misy fanomezan-tsiny azo atao amin'ny Mpaminany, amin'izay nandidian'Andriamanitra azy, tahaka ny lalana nataon'Andriamanitra tamin'ireo niaina teo aloha. Lalana tsy azo ihoarana ny didin'Andriamanitra.

33.39 - Ireo izay nampita ny hafatr'Andriamanitra, sy natahotra Azy, ka tsy matahotra afa-tsy Andriamanitra, dia ampy hitsara ny rehetra Andriamanitra.

33.40 - Tsy Rain'ny iray amin'ireo lehilahy ao aminareo velively i Mohammad, fa Irak'Andriamanitra, ary farany amin'ireo Mpaminany izy. Mahafantatra ny zavatra rehetra Andriamanitra.

33.41 - Ianareo mpino! Aoka ianareo hahatsiaro mandrakariva an'Andriamanitra,

33.42 - ary omeo voninahitra izy amin'ny maraina sy ny folakandro.

33.43 - Izy no mitahy anareo, ary toy izany koa ireo Anjeliny, mba hamoahany anareo amin'ny aizina ho amin'ny hazavana, fa be Indrafo amin'ireo mpino izy.

وَمَا كَانَ لِمُؤْمِنٍ وَلَا مُؤْمِنَةٍ إِذَا قَضَى اللَّهُ وَرَسُولُهُ أَمْرًا أَنْ يَكُونَ لَهُمُ الْخِيَرَةُ مِنْ أَمْرِهِمْ وَمَنْ يَعْصِ اللَّهَ وَرَسُولَهُ فَقَدْ ضَلَّ ضَلَالًا مُبِينًا ﴿٣٦﴾ وَإِذْ تَقُولُ لِلَّذِي أَنْعَمَ اللَّهُ عَلَيْهِ وَأَنْعَمْتَ عَلَيْهِ أَمْسِكْ عَلَيْكَ زَوْجَكَ وَاتَّقِ اللَّهَ وَتُخْفِي فِي نَفْسِكَ مَا اللَّهُ مُبْدِيهِ وَتَخْشَى النَّاسَ وَاللَّهُ أَحَقُّ أَنْ تَخْشَاهُ فَلَمَّا قَضَى زَيْدٌ مِنْهَا وَطَرًا زَوَّجْنَاكَهَا لِكَيْ لَا يَكُونَ عَلَى الْمُؤْمِنِينَ حَرَجٌ فِي أَزْوَاجِ أَدْعِيَائِهِمْ إِذَا قَضَوْا مِنْهُنَّ وَطَرًا وَكَانَ أَمْرُ اللَّهِ مَفْعُولًا ﴿٣٧﴾ مَا كَانَ عَلَى النَّبِيِّ مِنْ حَرَجٍ فِيمَا فَرَضَ اللَّهُ لَهُ سُنَّةَ اللَّهِ فِي الَّذِينَ خَلَوْا مِنْ قَبْلُ وَكَانَ أَمْرُ اللَّهِ قَدَرًا مَقْدُورًا ﴿٣٨﴾ الَّذِينَ يُبَلِّغُونَ رِسَالَاتِ اللَّهِ وَيَخْشَوْنَهُ وَلَا يَخْشَوْنَ أَحَدًا إِلَّا اللَّهَ وَكَفَى بِاللَّهِ حَسِيبًا ﴿٣٩﴾ مَا كَانَ مُحَمَّدٌ أَبَا أَحَدٍ مِنْ رِجَالِكُمْ وَلَكِنْ رَسُولَ اللَّهِ وَخَاتَمَ النَّبِيِّينَ وَكَانَ اللَّهُ بِكُلِّ شَيْءٍ عَلِيمًا ﴿٤٠﴾ يَأَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا أَذْكُرُوا اللَّهَ ذِكْرًا كَثِيرًا ﴿٤١﴾ وَسَبِّحُوهُ بُكْرَةً وَأَصِيلًا ﴿٤٢﴾ هُوَ الَّذِي يُصَلِّيْ عَلَيْكُمْ وَمَلَائِكَتُهُ لِيُخْرِجَكُمْ مِنَ الظُّلُمَاتِ إِلَى النُّورِ وَكَانَ بِالْمُؤْمِنِينَ رَحِيمًا ﴿٤٣﴾

33.44 - Ny fiarahaban'izy ireo amin'ny andro hihaonan'izy ireo Aminy dia ny hoe: "Salam (Fandriampahalemana)", ary misy valisoa sesehena nomaniny ho azy ireo.

33.45 - Ry Mpaminany! Nalefanay ho vavolombelona ianao, ho mpilaza, sy ho mpampitandrina,

33.46 - ary ho mpiantso (ny olona) ho any amin'Andriamanitra, amin'ny alalana avy Aminy, ary ho toy ny jiro mpanazava.

33.47 - Ka ilazao vaovao tsara ireo mpino, fa hahazo fahasoavana lehibe avy amin'Andriamanitra izy ireo.

33.48 - Ary aoka ianao tsy hankato ireo tsy mpino, sy ireo mpihatsaravelatsihy, aza miraharaha izay ratsy ataon'izy ireo aminao, ary miantehera amin'Andriamanitra ianao, fa ampy ho mpiaro Andriamanitra.

33.49 - Ianareo mpino! Raha nampaka-bady vehivavy mpino ianareo, avy eo nisaraka taminy talohan'ny nikasihanareo azy, dia tsy azonareo terena amin'ny fe-potoana fiandrasana izy. Omeo fifaliana izy ireo (amin'ny anjarany), ary alefaso tsy misy arakaraka.

33.50 - Ry Mpaminany! Nataonay ho ara-dalàna taminao ireo vady notoloranao mahary(*), sy ireo anjaranao ara-dalàna tamin'ireo babo (na andevo) izay natolotr'Andriamanitra ho anao, ireo zanakavavin'ny dadatoanao avy amin'ny rainao, ireo zanakavavin'ny nenitoanao avy amin'ny rainao, ireo zanakavavin'ny dadatoanao avy amin'ny reninao, ireo zanakavavin'ny nenitoanao avy amin'ny reninao, izay nifindra-monina niaraka taminao, toy izany koa ireo vehivavy mpino rehetra, raha manolotra ny tenany ho an'ny Mpaminany izy ireo, ka manaiky ny haka vady azy ny Mpaminany, tombontsoa ho anao izany, tsy iraisanao amin'ny mpino hafa. Fantatray tokoa izay nandidianay azy ireo mikasika ny vadiny, sy ireo mpanompony (andevony), mba tsy hisian'ny fanomezan-tsiny anao. Fa Mpamela heloka sy be Indrafo Andriamanitra.

(*) Jereo Toko - 2, And. 236

تَحِيَّتُهُمْ يَوْمَ يَلْقَوْنَهُ سَلَامٌ وَأَعَدَّ لَهُمْ أَجْرًا كَرِيمًا ﴿٤٤﴾ يَأَيُّهَا
النَّبِيُّ إِنَّا أَرْسَلْنَاكَ شَهِيدًا وَمُبَشِّرًا وَنَذِيرًا ﴿٤٥﴾ وَدَاعِيًا
إِلَى اللَّهِ بِإِذْنِهِ وَسِرَاجًا مُنِيرًا ﴿٤٦﴾ وَبَشِّرِ الْمُؤْمِنِينَ بِأَنَّهُمْ
مِنَ اللَّهِ فَضْلًا كَبِيرًا ﴿٤٧﴾ وَلَا تُطِيعِ الْكَافِرِينَ وَالْمُنَافِقِينَ
وَدَعْ أَذُنَهُمْ وَتَوَكَّلْ عَلَى اللَّهِ وَكَفَى بِاللَّهِ وَكِيلًا ﴿٤٨﴾
يَأَيُّهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا إِذَا نَكَحْتُمُ الْمُؤْمِنَاتِ ثُمَّ طَلَقْتُمُوهُنَّ
مِنْ قَبْلِ أَنْ تَمْسُوهُنَّ فَمَا لَكُمْ عَلَيْهِنَّ مِنْ عِدَةٍ تَعُدُّوْنَهَا
فَمَتَّعُوهُنَّ وَسَرَّحُوهُنَّ سَرَاحًا جَمِيلًا ﴿٤٩﴾ يَأَيُّهَا النَّبِيُّ إِنَّا
أَحْلَلْنَا لَكَ أَزْوَاجَكَ الَّتِي ءَاتَيْتَ أَجُورَهُنَّ وَمَا مَلَكَتْ
يَمِينُكَ مِمَّا أَفَاءَ اللَّهُ عَلَيْكَ وَبَنَاتِ عِمَّتِكَ وَبَنَاتِ خَالَكَ
وَبَنَاتِ خَالَكَ وَبَنَاتِ خَلْلِكَ الَّتِي هَاجَرْنَ مَعَكَ وَامْرَأَةً
مُؤْمِنَةً إِنْ وَهَبَتْ نَفْسَهَا لِلنَّبِيِّ إِنْ أَرَادَ النَّبِيُّ أَنْ يَسْتَنْكِحَهَا
خَالِصَةً لَكَ مِنْ دُونِ الْمُؤْمِنِينَ قَدْ عَلِمْنَا مَا فَرَضْنَا
عَلَيْهِمْ فِي أَزْوَاجِهِمْ وَمَا مَلَكَتْ أَيْمَانُهُمْ لِكَيْلَا
يَكُونَ عَلَيْكَ حَرَجٌ وَكَانَ اللَّهُ غَفُورًا رَحِيمًا ﴿٥٠﴾

33.51 - Azonao ampiandrasina, izay tianao ampiandrasina amin'izy ireo, ary azonao am-piantranoina izay tianao am-piantranoina. Ary tsy ho tsininao mihitsy raha averinao indray ny anankiray amin'ireo izay efa nisintahanao. Izany no mety hahafaly azy ireo, ka tsy hananan'izy ireo alahelo, ary haneken'izy ireo amim-pitiavana izay nomenao azy rehetra. Fantatr'Andriamanitra anefa izay ao am-ponareo. Fa Mahafantatra ny zavatra rehetra sy be fangorahana Andriamanitra.

33.52 - Tsy azonao atao intsony amin'ny manaraka ny maka vehivavy (hafa), na manova vady, na dia mahafinaritra anao aza ny hatsaran-tarehiny, afa-tsy ireo mpanomponao (andevonao). Fa Manara-maso ny zavatra rehetra Andriamanitra.

33.53 - Ianareo mpino! Aza miditra ao amin'ny tranon'ny Mpaminany ianareo, raha tsy hoe asaina hisakafo, ka tsy mahazo miandry izay ahamasahany. Fa raha ampandrosina ianareo, dia mandrosoa. Ary rehefa avy misakafo ianareo, dia aoka handeha, fa aza miseho ho olona mpifankahazatra mba hiresadresaka. Manahirana ny Mpaminany izany, saingy menatra anareo izy, nefa Andriamanitra dia tsy menatra amin'ny fahamarinana. Fa raha misy zavatra angatahinareo amin'izy ireo (vadin'ny Mpaminany), dia angataho izany ao ambadiaky ny lamba manelanelana; madio kokoa ho an'ny fonareo sy ho an'ny fon'izy ireo izany. Tsy tokony hanao izay hanahirana ny Irak'Andriamanitra ianareo, na sanatria hanambady ny vadiny aty aoriana, fa fahotana lehibe tokoa izany eo anatrehan'Andriamanitra.

33.54 - Na mampielavy zavatra ianareo na manafina izany, dia Mahafantatra hatrany ny zavatra rehetra Andriamanitra.

﴿٥١﴾ تَرْجِي مَنْ تَشَاءُ مِنْهُمْ وَتُؤَيِّ إِلَيْكَ مَنْ تَشَاءُ وَمِنْ ابْنَعَيْتَ
مِمَّنْ عَزَلْتَ فَلَا جُنَاحَ عَلَيْكَ ذَلِكَ أَدْنَى أَنْ تَقْرَأَ عَنِ هُنَّ
وَلَا يَحْزَنَ وَيَرْضَيْنَ بِمَا آتَيْنَهُنَّ كُلُّهُنَّ وَاللَّهُ يَعْلَمُ
مَا فِي قُلُوبِكُمْ وَكَانَ اللَّهُ عَلِيمًا حَلِيمًا ﴿٥٢﴾ لَا يَحِلُّ لَكَ
النِّسَاءُ مِنْ بَعْدُ وَلَا أَنْ تَبَدِّلَ بَيْنَ مَنْ أَزْوَاجَ وَلَوْ أَعْجَبَكَ
حُسْنُهُنَّ إِلَّا مَا مَلَكَتْ يَمِينُكَ وَكَانَ اللَّهُ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ رَقِيبًا
﴿٥٣﴾ يَأَيُّهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا لَا تَدْخُلُوا بُيُوتَ النَّبِيِّ إِلَّا أَنْ
يُؤْذَنَ لَكُمْ إِلَى طَعَامٍ غَيْرَ نَظِيرٍ إِنَّهُ وَلَكِنْ إِذَا دُعِيتُمْ
فَادْخُلُوا فَإِذَا طَعِمْتُمْ فَانْتَشِرُوا وَلَا مُسْتَعْسِنِينَ لِحَدِيثٍ إِنَّ
ذَلِكَ كَانَ يُؤْذِي النَّبِيَّ فَيَسْتَحْيِي مِنْكُمْ وَاللَّهُ لَا
يَسْتَحْيِي مِنَ الْحَقِّ وَإِذَا سَأَلْتُمُوهُنَّ مَتَاعًا فَسْأَلُوهُنَّ مِنْ
وَرَاءِ حِجَابٍ ذَلِكُمْ أَطْهَرُ لِقُلُوبِكُمْ وَقُلُوبِهِنَّ وَمَا كَانَ
لَكُمْ أَنْ تُؤْذُوا رَسُولَ اللَّهِ وَلَا أَنْ تَنْكِحُوا أَزْوَاجَهُ
مِنْ بَعْدِهِ أَبَدًا إِنَّ ذَلِكُمْ كَانَ عِنْدَ اللَّهِ عَظِيمًا ﴿٥٤﴾
تَبَدُّوا شَيْئًا أَوْ تُخَفُّوهُ فَإِنَّ اللَّهَ كَانَ بِكُلِّ شَيْءٍ عَلِيمًا ﴿٥٥﴾

33.55 - Fa tsy misy tsiny ho azy ireo (vadin'ny mpaminany) kosa (ny tsy mampiasa lamba manelanelana), manoloana ny Rainy, ny zanany lahy, ny anadahiny, ny zanakalahin'ny rahalahiny, ny zanakalahin'ny rahavaviny, ireo vehivavy mpino sy ireo mpanompo ao aminy (andevony). Ary aoka ianareo hatahotra an'Andriamanitra. Fa Mahita ny zavatra rehetra Andriamanitra.

33.56 - Hamafisina, fa Andriamanitra sy ireo Anjelin'ny dia mitsodrano ny Mpaminany; ianareo mpino! Aoka hivavaka ho azy ianareo, ary alefaso aminy ny fiarahabananareo.

33.57 - Izay manafintohina an'Andriamanitra sy ny Irany, dia voaozon'Andriamanitra eto an-tany, sy any an-koatra, ary dia manomana famaizana mahamenatra ho azy ireo izy.

33.58 - Ary izay manisys ratsy ireo mpino lahy sy vavy, amin'izay tsy nataon'izy ireo akory, dia mivesatra fanendrikendrehina sy fahotana miharihary.

33.59 - Ry Mpaminany! Lazao amin'ireo vadinao, sy ireo zanakao vavy, ary ny vehivavin'ireo mpino, mba hisalotra tanteraka ny voaliny izy ireo, fa ho mora fantatra kokoa izy ireo amin'izany, ka tsy iharan'ny fanafintohinana. Fa Mpamela heloka sy be Indrafo Andriamanitra.

33.60 - Hamafisina, fa raha tsy mitsahatra ireo mpihatsaravelatsihy, sy ireo manana aretina ao am-pony, ary ireo mpanakorontana tao Madinah, dia hasainay hanohitra azy ireo ianao, ka tsy ho tavela maharitra eo akaikinao izy ireo.

33.61 - Olom-boaozona izy ireo. Ka na aiza na aiza ahitana azy ireo, dia ho baboina sy ho vonoina tsy misy fangorahana.

33.62 - Toy izany no lalàna napetrak'Andriamanitra tamin'ireo niaina teo aloha, fa tsy hahita fiovana amin'ny lalàn'Andriamanitra velively ianao.

لَا جُنَاحَ عَلَيْهِمْ فِيءِ آبَائِهِمْ وَلَا أَبْنَائِهِمْ وَلَا إِخْوَانِهِمْ وَلَا أَمْوَئِهِمْ وَلَا مَا مَلَكَتْ أَيْمَانُهُمْ وَأَتَّقُوا اللَّهَ إِنَّ اللَّهَ كَانَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ شَهِيدًا ﴿٥٥﴾ إِنَّ اللَّهَ وَمَلَائِكَتَهُ يُصَلُّونَ عَلَى النَّبِيِّ يَا أَيُّهَا الَّذِينَ ءَامَنُوا صَلُّوا عَلَيْهِ وَسَلِّمُوا تَسْلِيمًا ﴿٥٦﴾ إِنَّ الَّذِينَ يُؤْذُونَ اللَّهَ وَرَسُولَهُ لَعَنَهُمُ اللَّهُ فِي الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ وَأَعَدَّ لَهُمْ عَذَابًا مُهِينًا ﴿٥٧﴾ وَالَّذِينَ يُؤْذُونَ الْمُؤْمِنِينَ وَالْمُؤْمِنَاتِ بَغَيْرِ مَا اكْتَسَبُوا فَقَدْ احْتَمَلُوا بُهْتَانًا وَإِثْمًا مُّبِينًا ﴿٥٨﴾ يَا أَيُّهَا النَّبِيُّ قُلْ لِّأَزْوَاجِكَ وَبَنَاتِكَ وَنِسَاءِ الْمُؤْمِنِينَ يُدْنِينَ عَلَيْهِنَّ مِنْ جَلِيبِهِنَّ ذَلِكَ ادْفِنِي أَنْ يُعْرَفْنَ فَلَا يُؤْذِينَ وَكَانَ اللَّهُ غَفُورًا رَحِيمًا ﴿٥٩﴾ لَّيْن لَّمْ يَنْهَ الْمُنَافِقُونَ وَالَّذِينَ فِي قُلُوبِهِمْ مَّرَضٌ وَالْمُرْجِفُونَ فِي الْمَدِينَةِ لَنُغْرِيَنَّكَ بِهِمْ ثُمَّ لَا يُجَاوِرُونَكَ فِيهَا إِلَّا قَلِيلًا ﴿٦٠﴾ مَلْعُونِينَ أَيْنَمَا ثَقِفُوا أَخْذُوا وَقُتِلُوا تَفْتِيلًا ﴿٦١﴾ سُنَّةَ اللَّهِ فِي الَّذِينَ خَلَوْا مِنْ قَبْلُ وَلَنْ تَجِدَ لِسُنَّةِ اللَّهِ تَبْدِيلًا ﴿٦٢﴾

33.63 - Manontany anao mikasika ilay Ora farany ny olona. Ka dia lazao hoe: "Andriamanitra irery ihany no mahafantatra izany". Inona moa no fantatrao amin'izany? Mety ho efa akaiky ilay Ora!

33.64 - Nanozona ireo tsy mpino tokoa Andriamanitra, ary nanomana afo ho azy ireo,

33.65 - ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo, fa tsy hahita mpiahy na mpamonjy.

33.66 - Ny andro hamadibadihana ny tarehin'izy ireo ao anaty afo, ka hitenenan'izy ireo hoe: "Indrisy! Raha mba nankato an'Andriamanitra sy ny lraha mantsy izahay".

33.67 - Ary hoy izy ireo: "Tomponay ô! Nankato ireo filoha sy ireo lehibenay izahay. Ka izy ireo no nandiso lâlana anay!

33.68 - Tomponay ô! Ataovy avo roaheny ny sazin'izy ireo, ary ozony amina ozona lehibe izy ireo".

33.69 - Ianareo mpino! Aoka ianareo tsy hanao toy izay nanao ratsy tamin'i Mosesy. Nodiovina'Andriamanitra tamin'ny fampangana azy izy, satria mendri-kaja teo anatrehan'Andriamanitra izy.

33.70 - Ianareo mpino! Matahora an'Andriamanitra ianareo, ary mitenena ny marina,

33.71 - mba hanatsarany ny asanareo, sy hamelany ny fahotana. Ilay mankato an'Andriamanitra sy ny lrahy, dia tena nahazo fahombiazana lehibe.

33.72 - Natolotray ny lanitra sy ny tany, ary ireo tendrombohitra ny andraikitra masina. Nefa nandà hitondra izany izy ireo sady natahotra, fa ny olombelona kosa dia nanaiky hitondra izany, saingy nanao ny tsy rariny izy (nanoloana izany), sady tena tsy mahafantatra.

33.73 - Noho izany, dia sazan'Andriamanitra ireo mpihatsaravelatsihy, lahy sy vavy; ireo mpampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa, lahy sy vavy; fa mandray kosa ny fibebahan'ireo mpino, lahy sy vavy Andriamanitra. Fa Mpamela heloka sy be Indrafo Andriamanitra.

يَسْأَلُكَ النَّاسُ عَنِ السَّاعَةِ قُلْ إِنَّمَا عِلْمُهَا عِنْدَ اللَّهِ وَمَا يُدْرِيكَ
لَعَلَّ السَّاعَةَ تَكُونُ قَرِيبًا ﴿٦٣﴾ إِنَّ اللَّهَ لَعَنَ الْكَافِرِينَ وَأَعَدَّ
لَهُمْ سَعِيرًا ﴿٦٤﴾ خَالِدِينَ فِيهَا أَبَدًا لَا يَجِدُونَ وَلِيًّا وَلَا نَصِيرًا
﴿٦٥﴾ يَوْمَ تُقَلَّبُ وُجُوهُهُمْ فِي النَّارِ يَقُولُونَ يَلَيْتَنَّا أَطَعْنَا اللَّهَ
وَأَطَعْنَا الرُّسُلًا ﴿٦٦﴾ وَقَالُوا رَبَّنَا إِنَّا أَطَعْنَا سَادَتَنَا وَكُبَرَاءَنَا
فَأَضَلُّونَا السَّبِيلًا ﴿٦٧﴾ رَبَّنَا آتِنَا مِنْ عَذَابِ
وَالْعَنَّا لَعْنًا كَبِيرًا ﴿٦٨﴾ يَتَأْتِيهِمُ الَّذِينَ ءَامَنُوا لَا تَكُونُوا كَالَّذِينَ
ءَاذَوْا مُوسَى فَبَرَّاهُ اللَّهُ مِمَّا قَالُوا وَكَانَ عِنْدَ اللَّهِ وَجِيهًا ﴿٦٩﴾
يَتَأْتِيهِمُ الَّذِينَ ءَامَنُوا اتَّقُوا اللَّهَ وَقُولُوا قَوْلًا سَدِيدًا ﴿٧٠﴾ يُصْلِحْ
لَكُمْ أَعْمَالَكُمْ وَيَغْفِرْ لَكُمْ ذُنُوبَكُمْ وَمَنْ يُطِيعِ اللَّهَ وَرَسُولَهُ
فَقَدْ فَازَ فَوْزًا عَظِيمًا ﴿٧١﴾ إِنَّا عَرَضْنَا الْأَمَانَةَ عَلَى السَّمَوَاتِ
وَالْأَرْضِ وَالْجِبَالِ فَأَبَيْنَ أَنْ يَحْمِلْنَهَا وَأَشْفَقْنَ مِنْهَا وَحَمَلَهَا
الْإِنْسَانُ إِنَّهُ كَانَ ظَلُومًا جَهُولًا ﴿٧٢﴾ لِيُعَذِّبَ اللَّهُ الْمُنَافِقِينَ
وَالْمُنَافِقَاتِ وَالْمُشْرِكِينَ وَالْمُشْرِكَاتِ وَيَتُوبَ اللَّهُ
عَلَى الْمُؤْمِنِينَ وَالْمُؤْمِنَاتِ وَكَانَ اللَّهُ غَفُورًا رَحِيمًا ﴿٧٣﴾

TOKO - 34
SABA'

Andininy 54: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

34.1 - Dera ho an'Andriamanitra tompon'izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany. Ary Azy ny fiderana any an-koatra. Izy no Ilay be Fahendrena, Ilay Mahalala tongalafatra.

34.2 - Fantany izay miditra amin'ny tany sy izay mivoaka avy ao, ary koa, izay midina avy eny amin'ny lanitra sy izay miakatra eny. Fa Izy no Ilay be Indrafo, Ilay Mpamela heloka.

34.3 - Hoy ireo tsy mpino: "Tsy ho avy aminay ilay Ora". Lazao hoe: "Marina eo anatrehan'ny Tompoko! Fa tsy maintsy ho avy aminareo tokoa izany. Mahafantatra ny zava-miafina Izy. Tsy misy miafina Aminy, na dia lanjan-javatra kely iray tsy hitamaso (atôma) aza eny ambonin'ny tany, na any an-danitra, na bitika kokoa noho izany aza, na lehibe dia efa voasoratra ao amin'ny bokim-pahazavana.

34.4 - Mba hamaliany soa izay mino sy manao asa soa. Hahazo famelan-keloka sy fanomezana sesehena izy ireo.

34.5 - Ary ireo izay miezaka manao tsinontsinona ny Teninay, dia izy ireny no hahazo sazy amin'ny fampijaliana mamirifiry.

34.6 - Ary ireo nomena fahalalana, dia mahita fa izay nampidinina teo aminao, avy amin'ny Tomponao no fahamarinana, izay mitarika ho any amin'ny lalan'Ilay Tsitoha, Ilay Mendri-piderana.

34.7 - Ary hoy ireo tsy mpino: "Tianareo va ny hanehoanay aminareo ilay olona milaza, fa rehefa potika tanteraka ianareo, dia tsy isalasalana fa hiseho ho voahary vaovao indray?"

سُورَةُ سَابَا

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

الْحَمْدُ لِلَّهِ الَّذِي لَهُ مَا فِي السَّمَوَاتِ وَمَا فِي الْأَرْضِ وَلَهُ الْحَمْدُ فِي الْآخِرَةِ وَهُوَ الْحَكِيمُ الْخَبِيرُ ﴿١﴾ يَعْلَمُ مَا يَلِجُ فِي الْأَرْضِ وَمَا يَخْرُجُ مِنْهَا وَمَا يَنْزِلُ مِنَ السَّمَاءِ وَمَا يَعْرُجُ فِيهَا وَهُوَ الرَّحِيمُ الْغَفُورُ ﴿٢﴾ وَقَالَ الَّذِينَ كَفَرُوا لَا تَأْتِينَا السَّاعَةُ قُلْ بَلَى وَرَبِّي لَتَأْتِيَنَّكُمْ عِلْمُ الْغَيْبِ لَا يَعْزُبُ عَنْهُ مِثْقَالُ ذَرَّةٍ فِي السَّمَوَاتِ وَلَا فِي الْأَرْضِ وَلَا أَصْغَرُ مِنْ ذَلِكَ وَلَا أَكْبَرُ إِلَّا فِي كِتَابٍ مُبِينٍ ﴿٣﴾ لِيَجْزِيَ الَّذِينَ ءَامَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ أُولَٰئِكَ لَهُمْ مَغْفِرَةٌ وَرِزْقٌ كَرِيمٌ ﴿٤﴾ وَالَّذِينَ سَعَوْا فِي ءَايَاتِنَا مُعْجِزِينَ أُولَٰئِكَ لَهُمْ عَذَابٌ مِّن رَّجْزٍ أَلِيمٌ ﴿٥﴾ وَيَرَى الَّذِينَ أُوتُوا الْعِلْمَ الَّذِي أُنْزِلَ إِلَيْكَ مِنْ رَبِّكَ هُوَ الْحَقُّ وَيَهْدِي إِلَى صِرَاطٍ الْعَزِيزِ الْحَمِيدِ ﴿٦﴾ وَقَالَ الَّذِينَ كَفَرُوا هَلْ نَدُلُّكُمْ عَلَى رَجُلٍ يُنَبِّئُكُمْ إِذَا مُزِقْتُمْ كُلُّ مُمْزِقٍ إِنَّكُمْ لَفِي خَلْقٍ جَدِيدٍ ﴿٧﴾

34.8 - Mamoron-dainga hanoherana an'Andriamanitra va izy? sa adala?", (tsia) fa iharan'ny famaizana sy ny fahaverezana tanteraka, izay tsy mino ny any an-koatra.

34.9 - Tsy hitan'izy ireo va, ny lanitra sy ny tany izay eo aloha sy aorian'izy ireo? Raha tianay dia nasainay natelin'ny tany izy ireo, na koa hisy sombiny amin'ny lanitra hilatsaka amin'izy ireo. Misy porofo tokoa amin'izany ho an'izay mpanompo rehetra mibebaka.

34.10 - Nomenay Fahasoavana avy aty Aminay tokoa i Davida. Ry tendrombohitra sy voromanidina, mamerena miaraka aminy ianareo (Teny fiderana an'Andriamanitra). Ary dia nataonay nalefaka teo anatrehan'ny vy.

34.11 - (amin'ny fitenenana aminy manao hoe): "Mandraria akanjo vy ianao, ary refeso tsara ny masony". Ary aoka ianareo hanao ny tsara. Fa Mahita izay ataonareo Aho.

34.12 - Ary nataonay teo ambany fahefan'i Salômôna ny rivotra, izay nandeha mitovy amin'ny vita ao anatin'ny iray volana ny maraina, ary mitovy amin'ny iray volana ihany koa ny hariva. Ary nataonay nikoriana ho an'i Salômôna ny loharam-barahina. Nisy djiny niasa teo ambany fahefany, alalana avy amin'ny Tompony. Fa izay tsy nanaraka ny didinay tamin'izy ireo, dia nampanandramanay ny sazin'ny afo mamaivay.

34.13 - Nanatanteraka araka izay tiany ho azy izy ireo: toerana masina, sarivongana, lovia fisaka lehibe, ary vilany. "Ry fianakavian'i Davida, miasa ho fankasitrahana Azy, nefa vitsy amin'ireo mpanompoko no mahay mankasitraka".

34.14 - Ary rehefa nanapa-kevitra ny amin'ny fahafatesany izahay, dia tsy nisy afaka nampilaza azy ireo ny amin'izany, afa-tsy ny bibin'ny tany izay nikiky ny tehiny. Ary rehefa lavo izy, dia hitan'ireo djiny tamin'izay fa raha tena nahafantatra ny zavamiaina izy ireo, dia tsy nijanona tamin'ny famaizana mahafabaraka (tamin'ny fankatoavana ny baiko).

أَفَرَأَى عَلَى اللَّهِ كَذِبًا أَمْ بِهِ جِنَّةٌ بَلِ الَّذِينَ لَا يُؤْمِنُونَ بِالْآخِرَةِ
فِي الْعَذَابِ وَالضَّلَالِ الْبَعِيدِ ﴿٨﴾ أَفَلَمْ يَرَوْا إِلَى مَا بَيْنَ أَيْدِيهِمْ
وَمَا خَلْفَهُمْ مِنْ السَّمَاءِ وَالْأَرْضِ إِنَّ شَأْنَهُمْ خَسِيفٌ بِهِمْ
الْأَرْضَ أَوْ تُسْقِطَ عَلَيْهِمْ كِسْفًا مِنَ السَّمَاءِ إِنَّ فِي ذَلِكَ
لَآيَةً لِكُلِّ عَبْدٍ مُنِيبٍ ﴿٩﴾ وَلَقَدْ آتَيْنَا دَاوُدَ مِنَّا فَضْلًا
يَجِبَالُ أَوْبَىٰ مَعَهُ وَالطَّيْرُ وَأَلْنَاهُ الْحَدِيدَ ﴿١٠﴾ أَنْ أَعْمَلَ
سَبِغَتٍ وَقَدَّرَ فِي السَّرْدِ وَأَعْمَلُوا صَاحِبًا إِنِّي بِمَا تَعْمَلُونَ
بَصِيرٌ ﴿١١﴾ وَلَسَلِمَنَّ الرِّيحُ غَدُوها شَهْرٌ وَرَوَّاحُها شَهْرٌ
وَأَسْلَنَّا لَهُ عَيْنَ الْقَطْرِ وَمَنْ الْجِنِّ مَنْ يَعْمَلُ بَيْنَ يَدَيْهِ بِإِذْنِ
رَبِّهِ وَمَنْ يَزِغْ مِنْهُمْ عَنْ أَمْرِنَا نَذِقْهُ مِنْ عَذَابِ السَّعِيرِ ﴿١٢﴾
يَعْمَلُونَ لَهُ مَا يَشَاءُ مِنْ مَحْرِبٍ وَتَمَثِيلٍ وَجِفَانٍ كَالْجَوَابِ
وَقُدُورٍ رَاسِيَتٍ أَعْمَلُوا أَلْ دَاوُدَ شُكْرًا وَقَلِيلٌ مِّنْ عِبَادِيَ
الشَّاكِرِينَ ﴿١٣﴾ فَلَمَّا قَضَيْنَا عَلَيْهِ الْمَوْتَ مَا دَلَّهُمْ عَلَىٰ مَوْتِهِ
إِلَّا دَابَّةُ الْأَرْضِ تَأْكُلُ مِنْسَاتَهُ فَلَمَّا خَرَّ تَبَيَّنَتِ الْجِنُّ
أَنْ لَوْ كَانُوا يَعْلَمُونَ الْغَيْبَ مَا لَبِثُوا فِي الْعَذَابِ الْمُهِينِ ﴿١٤﴾

34.15 - Nisy famantarana tokoa tamin'ny fonenan'ny fokon'i Saba'(*): zaridaina roa, ny iray eo ankavanana, ary ny iray eo ankavia. "Mihinàna amin'izay nomen'ny Tomponareo ho anareo ianareo, ary mahaiza mankasitraka Azy. Fa tanàna tsara izany, ary ny Tompo Mpmela heloka".

34.16 - Nefa dia nitodi-damosina izy ireo. Ka navarinay tamin'izy ireo ny ranon'ny toho-drano, ary novanay ho zaridaina feno voankazo mangidy, sy hazo madilo ary tsinefy vitsivitsy, ireo zaridainany anankiroa.

34.17 - Izany no fomba namalianay azy ireo, noho ny tsy finoany. Moa hanasazy olon-kafa, afa-tsy ireo tsy mpino va Izahay?

34.18 - Ary dia nasianay tanàna lehibe hafa manelanelana azy ireo, sy ireo tanàna voatsodranonay, ka nokajianay ireo fiatoana an-dàlana manelanelana azy ireo. "Mandehana amimpilaminana eo anelanelan'izany ianareo, mandritra ny andro sy ny alina".

34.19 - Ary hoy izy ireo: "Tomponay ô! Halavao ny elanelana misy amin'ireo fiatoana eny an-dalana", ary dia nanao ny tsy rariny tamin'ny tenany ihany izy ireo. Nataonay ho tantara mipetraka ny mikasika azy ireo, ary dia nopotehinay tanteraka. Misy fampitandremana tokoa amin'izany ho an'ireo izay manam-paharetana, sy mahay mankasitraka.

34.20 - Ary hamafisina, fa nohamarinin'i satana ny eritreriny mikasika azy ireo. Ka nanaraka azy izy ireo, afa-tsy ampahany tamin'ireo mpino ihany.

34.21 - Ary tsy nanana fahefana tamin'izy ireo mihitsy izy, raha tsy Izahay no te-hanavaka izay mino ny any an-koatra, sy izay misalasala. Fa Miahay ny zavatra rehetra ny Tomponao.

34.22 - Dia lazao hoe: "Antsoy ireo izay ihamboanareo (ho tompo) ankoatra an'Andriamanitra. Tsy manana na dia zavatra iray farany kely (atôma) akory aza izy ireny, na any an-danitra na ety an-tany. Tsy niaraka taminy izy ireo tamin'ny Famoronana, ary tsy misy afaka hanampy Azy amin'izy ireo".

(*) Saba': Foko iray nalaza tao Yemen.

لَقَدْ كَانَ لِسَبَإٍ فِي مَسْكِنِهِمْ آيَةٌ جَنَّتَانِ عَنْ يَمِينٍ وَشِمَالٍ
كُلُوا مِنْ رِزْقِ رَبِّكُمْ وَاشْكُرُوا لَهُ بَلْدَةٌ طَيِّبَةٌ وَرَبٌّ غَفُورٌ
﴿١٥﴾ فَأَعْرَضُوا فَأَرْسَلْنَا عَلَيْهِمْ سَيْلَ الْعَرِمِ وَبَدَّلْنَاهُمْ بِجَنَّتَيْهِمْ
جَنَّتَيْنِ ذَوَاتِ أَكْمَلٍ خُمُطٍ وَأَثَلٍ وَشَيْءٍ مِّن سِدْرٍ قَلِيلٍ
﴿١٦﴾ ذَلِكَ جَزَيْنَاهُمْ بِمَا كَفَرُوا وَهَلْ يُجْزَى إِلَّا الْكَفُورُ ﴿١٧﴾
وَجَعَلْنَا بَيْنَهُمْ وَبَيْنَ الْقُرَى الَّتِي بَرَكْنَا فِيهَا قُرًى ظَاهِرَةً
وَقَدَرْنَا فِيهَا السَّيْرَ سِيرُوا فِيهَا لِيَالِي وَأَيَّامًا آمِنِينَ ﴿١٨﴾
فَقَالُوا رَبَّنَا بَعْدَ بَيْنِ أَسْفَارِنَا وَظَلَمُوا أَنْفُسَهُمْ فَجَعَلْنَاهُمْ
أَحَادِيثَ وَمَزَقْنَاهُمْ كُلَّ مُمَزَقٍ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ لِّكُلِّ صَبَّارٍ
شَكُورٍ ﴿١٩﴾ وَلَقَدْ صَدَقَ عَلَيْهِمْ إِلَٰهِي سُبْحَانَهُ فَاتَّبَعُوهُ إِلَّا
فَرِيقًا مِّنَ الْمُؤْمِنِينَ ﴿٢٠﴾ وَمَا كَانَ لَهُ عَلَيْهِمْ مِّن سُلْطَانٍ
إِلَّا لِنَعْلَمَ مَنْ يُؤْمِنُ بِالْآخِرَةِ مِمَّنْ هُوَ مِنْهَا فِي شَكٍّ وَرَبُّكَ
عَلَى كُلِّ شَيْءٍ حَفِيزٌ ﴿٢١﴾ قُلِ ادْعُوا الَّذِينَ زَعَمْتُمْ مِّن دُونِ
إِلَٰهِ لَا يَمْلِكُونَ مِثْقَالَ ذَرَّةٍ فِي السَّمَوَاتِ وَلَا فِي
الْأَرْضِ وَمَا لَهُمْ فِيهِمَا مِنْ شَرْكَ وَمَالَهُ مِنْهُمْ مِّن ظَهِيرٍ ﴿٢٢﴾

34.23 - Tsy misy mahazo tombontsoa amin'ny fanelanelanana eo Aminy, afa-tsy izay nomeny alalana ihany. Rehefa nanalavitra ny fony ny tahotra, dia hiteny izy ireo hoe: "Inona no nambaran'ny Tomponareo?". Dia hamaly izy ireo hoe: "Ny fahamarinana, fa izy no Ilay Avo indrindra, Ilay lehibe indrindra!".

34.24 - Dia lazao hoe: "Iza no manome anjaram-pivelomana anareo avy any an-danitra sy ety an-tany?". Valio hoe: "Andriamanitra. Izahay va, sa ianareo no amin'ny lalana tsara, na amin'ny lalan'ny fahaverezana miharihary?".

34.25 - Lazao hoe: "Tsy hanontaniana mikasika izay heloka nataonay ianareo, ary izahay koa tsy hanontaniana mikasika izay nataonareo".

34.26 - Lazao hoe: "Hamory antsika ny Tompotsika, ka hitsara antsika amim-pahamarinana izy, fa izy no Ilay Mpitsara Avo, Ilay Mahalala ny zavatra rehetra".

34.27 - Lazao hoe: "Asehoy ahy izay nataonareo ho mpitambatra Aminy. Tsia! Fa izy no Ilay Andriamanitra Tsitoha, Ilay be Fahendrena".

34.28 - Fa ho mpilaza sy ho mpampitandrina ny olombelona rehetra ihany no nandefasanay anao. Nefa tsy mahafantatra izany ny ankamaroan'ny olona.

34.29 - Ary hoy izy ireo: "Rahoviana àry izany fampanantenana izany, raha mpilaza ny marina tokoa ianareo?"

34.30 - Lazao hoe: "Ny fotoana voatondro ho anareo, dia amin'ny andro iray izay tsy azonareo ahemotra ora iray, na ampandrosoina".

34.31 - Ary hoy ireo tsy mpino: "Tsy hino io Kor'any io velively izahay, na izay tonga teo alohany". Ary raha hitanao ireo mpanao ny tsy rariny hitsangana eo anatrehan'ny Tompony, hifanome teny izy ireo! Ka hiteny amin'ireo mpirehareha ireo izay noheverina ho osa hoe: "Raha tsy teo ianareo, dia ho mpino izahay".

وَلَا تَنْفَعُ الشَّفَعَةُ عِنْدَهُ إِلَّا لِمَنْ أَذِنَ لَهُ. حَتَّىٰ إِذَا فُزِعَ عَنْ قُلُوبِهِمْ قَالُوا مَاذَا قَالَ رَبُّكُمْ قَالُوا الْحَقُّ وَهُوَ الْعَلِيُّ الْكَبِيرُ ﴿٢٣﴾ قُلْ مَنْ يَرْزُقُكُمْ مِنَ السَّمَاءِ وَالْأَرْضِ قُلْ لِلَّهِ وَإِنَّا أَوْيَاكُمْ لَعَلَىٰ هُدًى أَوْ فِي ضَلَالٍ مُّبِينٍ ﴿٢٤﴾ لَا تَسْأَلُونَ عَمَّا أَجْرَمْنَا وَلَا نَسْأَلُ عَمَّا تَعْمَلُونَ ﴿٢٥﴾ قُلْ يَجْمَعُ بَيْنَنَا رَبَّنَا ثُمَّ يَفْتَحُ بَيْنَنَا بِالْحَقِّ وَهُوَ الْفَتَّاحُ الْعَلِيمُ ﴿٢٦﴾ قُلْ أَرُونِي الَّذِينَ أَهَقْتُمْ بِهِ شُرَكَاءَ كَلَّا بَلْ هُوَ اللَّهُ الْعَزِيزُ الْحَكِيمُ ﴿٢٧﴾ وَمَا أَرْسَلْنَاكَ إِلَّا كَافَّةً لِّلنَّاسِ بَشِيرًا وَنَذِيرًا وَلَكِنَّ أَكْثَرَ النَّاسِ لَا يَعْلَمُونَ ﴿٢٨﴾ وَيَقُولُونَ مَتَىٰ هَذَا الْوَعْدُ إِن كُنتُمْ صَادِقِينَ ﴿٢٩﴾ قُلْ لَكُمْ مِيعَادُ يَوْمٍ لَا تَسْتَخِرُونَ عَنْهُ سَاعَةً وَلَا تَسْتَقْدِمُونَ ﴿٣٠﴾ وَقَالَ الَّذِينَ كَفَرُوا لَنُؤْمِنَ بِهِذَا الْقُرْآنِ وَلَا بِالَّذِي بَيْنَ يَدَيْهِ وَلَوْ تَرَىٰ إِذِ الظَّالِمُونَ مَوْقُوفُونَ عِنْدَ رَبِّهِمْ يَرْجِعُ بَعْضُهُمْ إِلَىٰ بَعْضٍ الْقَوْلَ يَقُولُ الَّذِينَ اسْتَضَعِفُوا لِّلَّذِينَ اسْتَكْبَرُوا لَوْلَا أَنْتُمْ لَكُنَّا مُؤْمِنِينَ ﴿٣١﴾

34.32 - Dia hiteny amin'ireo izay noheverina ho osa ireo mpirehareha hoe: "Izahay va no nanakana anareo tamin'ny lalana tsara, rehefa tonga teo aminareo izany? Ianareo mihitsy aza no tena mpanao ratsy".

34.33 - Ary dia hiteny amin'ireo mpirehareha, ireo noheverina ho osa hoe: "Tetika nataonareo andro aman'alina ny nandidianareo anay tsy hino an'Andriamanitra, sy hanana zavatra ampitoviana Aminy". Ary dia hanafina ny fanenenany izy ireo, rehefa hahita ny famaizana. Hasianay rojo-vy amin'ny tendan'izay tsy nino, moa tsy ho valiana araka izay nataony va izy ireo?".

34.34 - Ary tsy nandefa mpampitandrina tamin'ny tanàna iray izahay, ka tsy niteny ireo olona tsara fari-piainana hoe: "Tsy mino ny Hafatra izay nandefasana anareo izahay?".

34.35 - Ary hoy izy ireo: "Manankarena sy maro anaka izahay, ka tsy hosaziana".

34.36 - Lazao hoe: "Mizara an-kalalahana ny Fanomezany amin'izay sitrany ny Tompoko, na mametra izany. Nefa tsy mahafantatra izany ny ankamaroan'ny olona".

34.37 - Tsy hampanakaiky anareo Aminay mihitsy, ny harenanareo sy ny zanakareo, afa-tsy izay mino sy manao ny tsara. Mahazo valisoa avo roaheny amin'izay nataony izy ireo, ary dia hiaina amim-pilaminana any amin'ny rihana ambony (any am-Paradisa).

34.38 - Fa ireo izay miezaka ny tsy hampisy lanjany ny Teninay kosa, dia tsy maintsy hiatrika ny famaizana izy ireny.

34.39 - Lazao hoe: "Mizara an-kalalahana ny Fanomezany amin'izay sitrany amin'ireo mpanompony ny Tompoko, na mametra izany. Ka honerany izay fanomezana ataonareo. Fa izy no Mpanome mendrika indrindra ny anjaram-pivelomana".

قَالَ الَّذِينَ اسْتَكْبَرُوا لِلَّذِينَ اسْتَضَعِفُوا أَنَحْنُ صَدَدْنَاكُمْ
عَنِ الْهُدَىٰ بَعْدَ إِذْ جَاءَكُمْ بِلَ كُنتُمْ تُجْرِمُونَ ﴿٣٢﴾ وَقَالَ الَّذِينَ
اسْتَضَعِفُوا لِلَّذِينَ اسْتَكْبَرُوا بَلْ مَكْرُ الْيَلِّ وَالنَّهَارِ إِذْ
تَأْمُرُونَنَا أَنْ نَكْفُرَ بِاللَّهِ وَنَجْعَلَ لَهُ أَنْدَادًا وَأَسْرُوا النَّدَامَةَ
لَمَّا رَأَوْا الْعَذَابَ وَجَعَلْنَا الْأَغْلَلَ فِي آعْنَاقِ الَّذِينَ كَفَرُوا
هَلْ يُجْزَوْنَ إِلَّا مَا كَانُوا يَعْمَلُونَ ﴿٣٣﴾ وَمَا أَرْسَلْنَا فِي قَرْيَةٍ
مِّنْ نَّذِيرٍ إِلَّا قَالَ مُتْرَفُوهَا إِنَّا بِمَا أُرْسِلْتُمْ بِهِ كَافِرُونَ ﴿٣٤﴾
وَقَالُوا أَنَحْنُ أَكْثَرُ أَمْوَالًا وَأَوْلَدًا وَمَا نَحْنُ بِمُعَذِّبِينَ ﴿٣٥﴾
قُلْ إِنْ رَبِّي يَبْسُطُ الرِّزْقَ لِمَنْ يَشَاءُ وَيَقْدِرُ وَلَكِنَّ أَكْثَرَ النَّاسِ
لَا يَعْلَمُونَ ﴿٣٦﴾ وَمَا أَمْوَالُكُمْ وَلَا أَوْلَادُكُمْ بِالَّتِي تُقَرِّبُكُمْ عِندَنَا
زُلْفَىٰ إِلَّا مَنْ ءَامَنَ وَعَمِلَ صَالِحًا فَأُولَٰئِكَ لَهُمْ جَزَاءُ الضَّعِيفِ
بِمَا عَمِلُوا وَهُمْ فِي الْغُرُفَاتِ ءَامِنُونَ ﴿٣٧﴾ وَالَّذِينَ يَسْعَوْنَ فِي
ءَايَاتِنَا مُعْجِزِينَ أُولَٰئِكَ فِي الْعَذَابِ مُحْضَرُونَ ﴿٣٨﴾ قُلْ
إِنْ رَبِّي يَبْسُطُ الرِّزْقَ لِمَنْ يَشَاءُ مِنْ عِبَادِهِ وَيَقْدِرُ لَهُ وَمَا
أَنْفَقْتُمْ مِّنْ شَيْءٍ فَهُوَ يُخْلِفُهُ وَهُوَ خَيْرُ الرَّازِقِينَ ﴿٣٩﴾

34.40 - Ary hangoniny avokoa ianareo indray andro any. Dia hiteny amin'ireo Anjely izy hoe: "Ianareo va no notompoin'izy ireo?"

34.41 - Hilaza izy ireo hoe: "Voninahitra ho Anao! Ianao no Mpiahy anay, fa tsy izy ireo akory. Djiny no notompoin'izy ireo, ka nino azy ireny ny ankamaroany".

34.42 - Amin'io andro io, dia tsy afaka hifanome tombontsoa, na hifanao ratsy intsony ianareo, fa izao kosa no hambaranay amin'ireo olona mpanao ny tsy rariny: "Andramo ny famaizan'ny afo, izay nataonareo ho lainga".

34.43 - Ary rehefa vakiana amin'izy ireo ny andininy mazava avy Aminay, dia hoy izy ireo: "Olona te-hampiala anareo amin'izay notompoin'ireo razambenareo ihany io". Ary hoy izy ireo: "Lainga noforonina ihany izany". Ka hoy ireo tsy mpino, rehefa tonga eo amin'izy ireo ny Marina: "Fanova-maso (majika) miharihary mihitsy izao!".

34.44 - Tsy nomenay Boky hianarana izy ireo. Ary tsy nandefasanay mpampitandrina mihitsy teo amin'izy ireo talohanao.

34.45 - Nandà (ireo Iraka) ireo talohan'izy ireo. Tsy nahatratra ny ampahafolon'izay nomenay azy ireo ny an'ny mponin'i Lameka. Nataon'izy ireo ho mpandainga ireo Iraka avy Amiko. Ary nanao ahoana ny Fanakianako (famaizana) azy ireo.

34.46 - Lazao hoe: "Zavatra iray ihany no ampirisihako anareo, dia ny hitsangananareo ho an'Andriamanitra tsiroaroa, na tsirairay, ka handinihanareo avy eo. Tsy azon-javatra mihitsy ny namanareo (Mohammad), fa mpampitandrina hanambara aminareo manoloana ilay famaizana mafy ihany izy".

34.47 - Lazao hoe: "Ny tambiny izay angatahiko aminareo, dia ho anareo ihany. Satria Andriamanitra irery no manome tambiny ho ahy. Fa Mahita ny zavatra rehetra izy".

34.48 - Lazao hoe: "Hamafisina, fa ny Tompoko no maneho ny fahamarinana. Izy no Ilay Mahafantatra tanteraka ireo zava-miafina".

وَيَوْمَ يَحْشُرُهُمْ جَمِيعًا ثُمَّ يَقُولُ لِلْمَلَكَةِ أَهْلُوا لَكُمْ كَانُوا يَعْبُدُونَ ﴿٤٠﴾ قَالُوا سُبْحَنَكَ أَنْتَ وَلَيْسْنَا مِنْ دُونِهِمْ بَلْ كَانُوا يَعْبُدُونَ الْجِنَّ أَكْثَرُهُمْ بِهِمْ مُؤْمِنُونَ ﴿٤١﴾ فَالْيَوْمَ لَا يَمْلِكُ بَعْضُكُمْ لِبَعْضٍ نَفَعًا وَلَا ضَرًّا وَنَقُولُ لِلَّذِينَ ظَلَمُوا ذُوقُوا عَذَابَ النَّارِ الَّتِي كُنْتُمْ بِهَا تُكَذِّبُونَ ﴿٤٢﴾ وَإِذَا نَتَلَى عَلَيْهِمْ أَإِنْتِنَا يَنْتَبِتُ قَالُوا مَا هَذَا إِلَّا رَجُلٌ يُرِيدُ أَنْ يَصُدَّكُمْ عَمَّا كَانُوا يَعْبُدُ آبَاؤَكُمْ وَقَالُوا مَا هَذَا إِلَّا إِنْكَارُكَ مُفْتَرًى وَقَالَ الَّذِينَ كَفَرُوا لِلْحَقِّ لَمَّا جَاءَهُمْ إِنْ هَذَا إِلَّا أَسْحَرٌ مُبِينٌ ﴿٤٣﴾ وَمَاءِائِنْتَهُمْ مِنْ كُتُبٍ يَدْرُسُونَهَا وَمَا أَرْسَلْنَا إِلَيْهِمْ قَبْلَكَ مِنْ نَذِيرٍ ﴿٤٤﴾ وَكَذَبَ الَّذِينَ مِنْ قَبْلِهِمْ وَمَا بَلَغُوا مَعْشَارَ مَا آتَيْنَاهُمْ فَكَذَّبُوا رُسُلِي فَكَيْفَ كَانَ نَكِيرِ ﴿٤٥﴾ قُلْ إِنَّمَا أَعْظِيكُمْ بِيَوْمٍ وَاحِدَةٍ أَنْ تَقُومُوا لِلَّهِ مَشْنَى وَفَرَدَى ثُمَّ تُنْفَكُّرُوا مَا بِصَاحِبِكُمْ مِنْ جِنَّةٍ إِنْ هُوَ إِلَّا نَذِيرٌ لَكُمْ بَيْنَ يَدَيْ عَذَابٍ شَدِيدٍ ﴿٤٦﴾ قُلْ مَا سَأَلْتُكُمْ مِنْ أَجْرٍ فَهُوَ لَكُمْ إِنْ أَجْرِيَ إِلَّا عَلَى اللَّهِ وَهُوَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ شَهِيدٌ ﴿٤٧﴾ قُلْ إِنْ رَبِّي يَقْذِفُ بِالْحَقِّ عَلَافٍ الْغُيُوبِ ﴿٤٨﴾

34.49 - Lazao hoe: "Tonga ny Marina (ny Islam), fa izay diso (ny tsy finoana) kosa, dia tsy afaka hanome fanombohana indray, na hanavao".

34.50 - Lazao hoe : "Raha diso làlana aho, dia nandiso làlana ny tenako ihany, fa raha voatari-dàlana kosa aho, dia noho izay nambaran'ny Tompoko ahy izany. Fa Mandre ny zavatra rehetra Izy, sady Akaiky".

34.51 - Raha hitanao azon'ny tahotra izy ireo, dia tsy misy fialana ho azy ireo, ary ho tratra eo amin'ny toerana akaiky izy ireo.

34.52 - Dia hiteny izy ireo hoe: "Mino Azy izahay". Fa ahoana moa no hahatrarany ny finoana avy eny lavitra eny?

34.53 - Nefa teo aloha, dia tena tsy nino tokoa izy ireo, ary naniratsira ny zava-miafina avy eny amin'ny toerana lavitra.

34.54 - Ho sakanana tsy hahatratra izay iriny izy ireo, tahaka izay natao tamin'ireo nitovy taminy taloha, satria feno fisalasalana tokoa izy ireo .

TOKO - 35

FATIR

(ILAY MPAHARY)

Andininy 45: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

35.1 - Dera ho an'Andriamanitra, Mpahary ny lanitra sy ny tany, izay nanao ireo Anjely ho Iraka manana elatra roa, na telo, na efatra. Ampiany araka izay tiany ny zavaboahary, fa Mahefa ny zavatra rehetra Izy.

35.2 - Izay omen'Andriamanitra ny olona noho ny Famindrampony, dia tsy misy manana fahefana hisakana izany. Fa raha misakana izany kosa Izy, dia tsy misy afaka mamotsotra izany aoriany. Fa Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.

35.3 - Ry olombelona! Tsarovy ny soa nataon'Andriamanitra taminareo, misy va, ankoatra an'Andriamanitra, mpahary manome anjaram-pivelomana ho anareo, avy any an-danitra sy ety an-tany? Tsy misy andriamanitra hafa, afa-tsy Izy! Ka nahoana ary ianareo no mivily amin'izany (fahamarinana)?

قُلْ جَاءَ الْحَقُّ وَمَا يُبْدِيُ الْبَاطِلُ وَمَا يُعِيدُ ﴿٤٩﴾ قُلْ إِنْ ضَلَلْتُ فَإِنَّمَا أَضِلُّ عَلَى نَفْسِي وَإِنِ اهْتَدَيْتُ فِيمَا يُوحِي إِلَيَّ رَبِّي إِنَّهُ سَمِيعٌ قَرِيبٌ ﴿٥٠﴾ وَلَوْ تَرَى إِذْ فَرَغُوا فَلَا قُوَّةَ وَأُخِذُوا مِنْ مَكَانٍ قَرِيبٍ ﴿٥١﴾ وَقَالُوا آمَنَّا بِهِ وَأَنَّى لَهُمُ التَّنَافُتُ مِنْ مَكَانٍ بَعِيدٍ ﴿٥٢﴾ وَقَدْ كَفَرُوا بِهِ مِنْ قَبْلُ وَيَقْذِفُونَ بِالْغَيْبِ مِنْ مَكَانٍ بَعِيدٍ ﴿٥٣﴾ وَحِيلَ بَيْنَهُمْ وَبَيْنَ مَا يَشْتَهُونَ كَمَا فُعِلَ بِأَشْيَاعِهِمْ مِنْ قَبْلُ إِنَّهُمْ كَانُوا فِي شَكٍّ مُرِيبٍ ﴿٥٤﴾

سُورَةُ فَاطِرٍ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

الْحَمْدُ لِلَّهِ فَاطِرِ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ جَاعِلِ الْمَلَكِ رُسُلًا أُولَى أَجْنَحَةٍ مَّتَنَّى وَثَلَّثَ وَرُبِعَ يَزِيدُ فِي الْخَلْقِ مَا يَشَاءُ إِنَّ اللَّهَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ ﴿١﴾ مَا يَفْتَحُ اللَّهُ لِلنَّاسِ مِنْ رَحْمَةٍ فَلَا مُمْسِكَ لَهَا وَمَا يُمْسِكُ فَلَا مُرْسِلَ لَهُ مِنْ بَعْدِهِ وَهُوَ الْعَزِيزُ الْحَكِيمُ ﴿٢﴾ يَأْتِيهَا النَّاسُ أَذْكَرُوا نِعَمَتَ اللَّهِ عَلَيْهِمْ هَلْ مِنْ خَلْقٍ غَيْرِ اللَّهِ يَرْزُقُكُمْ مِنَ السَّمَاءِ وَالْأَرْضِ لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ فَآفَى تُؤْفَكُونَ ﴿٣﴾

35.4 - Ary raha lazain'izy ireo ho mpandainga ianao, dia efa nolazaina ho mpandainga ihany koa ireo Iraka talohanao. Fa any amin'Andriamanitra ihany anefa no hamerenana ny raharaha rehetra.

35.5 - Ry olombelona! Marina ny fampanantenan'Andriamanitra. Ka aza avela hamitaka anareo ny fiainana an-tany, ary aoka tsy hahavoafitaka anareo ihany koa ilay tena mpamitaka, mikasika an'Andriamanitra.

35.6 - Tena fahavalonareo ny devoly, koa raiso ho fahavalo tokoa izy. Tsy manao afa-tsy ny miantso ireo mpanaraka azy izy, mba ho lasa olon'ny afo mamaivay.

35.7 - Hahazo fanasaziana mafy ireo izay tsy nino, fa ireo izay mino sy manao asa soa kosa, dia hahazo famelan-keloka sy valisoa lehibe.

35.8 - Dia ahoana! Izay nohatsaraina teo imasony ny asa ratsy nataony, ka noheveriny ho tsara? Nefa mamery lalana izay tiany ho amin'izany Andriamanitra, ary mitari-dalana izay tiany ho tarihina. Koa aoka ary tsy hanenina noho ny amin'izy ireo ny tenanao. Fa Mahafantatra tsara izay ataon'izy ireo Andriamanitra.

35.9 - Ary Andriamanitra no mandefa ny rivotra hanainga ny rahona, izay atosikay ho any amin'ny tany karankaina avy eo; ka omenay aina indray ny tany efa maty. Toy izany ny fitsanganana amin'ny maty!

35.10 - Izay mitady ny hery (amam-boninahitra), dia an'Andriamanitra ny hery rehetra, any Aminy no miakatra ny teny tsara, ary akariny ambony ny asa soa. Fa izay miray tsikombakomba amin'ny asa ratsy kosa, dia hahazo famaizana mafy. Nefa tsy hahomby ny teti-dratsin'izy ireo.

35.11 - Noharian'Andriamanitra avy amin'ny tany ianareo, avy eo, dia avy amin'ny tsirinaina indray mitete, ary manaraka izany, dia nataony ho (mpivady) tsiroaroa. Tsy misy vavy mitondra vohoka, na miteraka ka tsy fantany. Ary tsy misy fahavelomana miha ela, na miha fohy, ka tsy voasoratra ao amin'ny Boky. Fa mora amin'Andriamanitra tokoa izany.

وَإِنْ يَكْذِبُوا فَقَدْ كَذَّبَتْ رُسُلٌ مِنْ قَبْلِكَ وَإِلَى اللَّهِ تُرْجَعُ الْأُمُورُ ﴿٤﴾ يَأْتِيهَا النَّاسُ إِنْ وَعَدَ اللَّهُ حَقًّا فَلَا تَغُرَّتْكُمْ الْحَيَاةُ الدُّنْيَا وَلَا يَغُرَّتْكُمْ بِاللَّهِ الْغُرُورُ ﴿٥﴾ إِنَّ الشَّيْطَانَ لَكُمْ عَدُوٌّ فَاتَّخِذُوهُ عَدُوًّا إِنَّمَا يَدْعُوا حِزْبَهُ لِيَكُونُوا مِنْ أَصْحَابِ السَّعِيرِ ﴿٦﴾ الَّذِينَ كَفَرُوا لَهُمْ عَذَابٌ شَدِيدٌ وَالَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَهُمْ مَغْفِرَةٌ وَأَجْرٌ كَبِيرٌ ﴿٧﴾ أَفَمَنْ زُيِّنَ لَهُ سُوءُ عَمَلِهِ فَرَآهُ حَسَنًا فَإِنْ لَمْ يَضِلُّ مِنْ يَشَاءُ وَيَهْدَى مِنْ يَشَاءُ فَلَا نَذِيبُ لَهُمْ مِنْ نَفْسِكَ عَلَيْهِمْ حَسْرَتِي إِنَّ اللَّهَ عَلِيمٌ بِمَا يَصْنَعُونَ ﴿٨﴾ وَاللَّهُ الَّذِي أَرْسَلَ الرِّيحَ فَتُثِيرُ سَحَابًا فَيُسْقِنَهُ إِلَى بَلَدٍ مَيِّتٍ فَأَحْيَيْنَاهُ بِالْأَرْضِ بَعْدَ مَوْتِهَا كَذَلِكَ النُّشُورُ ﴿٩﴾ مَنْ كَانَ يَرْيدُ الْعِزَّةَ فَلِلَّهِ الْعِزَّةُ جَمِيعًا إِلَيْهِ يَصْعَدُ الْكَلِمُ الطَّيِّبُ وَالْعَمَلُ الصَّالِحُ يَرْفَعُهُ وَالَّذِينَ يَمْكُرُونَ السَّيِّئَاتِ لَهُمْ عَذَابٌ شَدِيدٌ وَمَكْرُ أُولَئِكَ هُوَ يُبَوِّرُ ﴿١٠﴾ وَاللَّهُ خَلَقَكُمْ مِنْ تُرَابٍ ثُمَّ مِنْ نُطْفَةٍ ثُمَّ جَعَلَكُمْ أَزْوَاجًا وَمَا تَحْمِلُ مِنْ أُنْثَى وَلَا تَضَعُ إِلَّا بِعِلْمِهِ وَمَا يُعَمِّرُ مِنْ مُعَمَّرٍ وَلَا يَنْقُصُ مِنْ عُمرِهِ إِلَّا فِي كِتَابٍ إِنَّ ذَلِكَ عَلَى اللَّهِ يَسِيرٌ ﴿١١﴾

35.12 - Tsy mitovy ireo ranomasina roa: ny ranon'ny andaniny azo sotroina, mamy sy mora atelina, ary ny ranon'ny ankilany kosa masira sy mangidy. Nefa dia samy akanareo nofo tsara fihinana izy ireo, ary akanareo haingo iravahanareo. Hitanao ny sambo mironondrona mamakivaky ny rano, mba hitadiavanareo ny sasany amin'ny Fahasoavany, hahazanareo mankasitraka.

35.13 - Ataony misosoka amin'ny andro ny alina, ary ny andro ataony misosoka amin'ny alina. Nofeheziny ny masoandro sy ny volana, samy mandeha amin'ny tanjony voafaritry avy izy ireo. Izany Andriamanitra Ilay Tomponareo, Azy ny fanjakana, fa ireo izay antsoinareo ankoatrany kosa, dia tsy tompon'ny voan'antrendry iray akory.

35.14 - Raha antsoinareo izy ireo, dia tsy handre ny antsonareo akory; ary na mandre aza, dia tsy afaka hamaly anareo. Amin'ny andro fitsanganana, dia ho lavin'izy ireo ny fampitambaranareo azy (amin'Andriamanitra). Tsy misy afaka manome vaovao anao mitovy amin'izay mahafantatra tsara.

35.15 - Ry olombelona! Mahantra mila an'Andriamanitra ianareo, fa Andriamanitra kosa, Izy no Tompon'ny harena, Ilay mendri-piderana.

35.16 - Raha sitrany, dia ho naringany ianareo, ka namboatra zavaboahary vaovao indray izy.

35.17 - Ary tsy sarotra ho an'Andriamanitra velively izany.

35.18 - Tsy hisy anefa hizaka ny enta-mavesatry ny hafa. Ary raha misy olona vesaram-pahotana mangataka fanampiana, dia tsy misy olon-kafa hitondra ny fahotany mihitsy, na dia ny havana akaiky aza. Ireo matahotra ny Tompony ihany no ampitandremanao, na dia tsy mahita Azy aza izy ireo, koa aoka ianareo hanatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat). Ary izay midio, dia midio ho an'ny tenany ihany, fa any amin'Andriamanitra no fiasarana.

وَمَا يَسْتَوِي الْبَحْرَانِ هَذَا عَذْبٌ فُرَاتٌ سَائِغٌ شَرَابُهُ وَهَذَا مِلْحٌ أُجَاجٌ وَمِنْ كُلِّ تَاكُلُونَ لَحْمًا طَرِيًّا وَتَسْتَخْرِجُونَ حِلْيَةً تَلْبَسُونَهَا وَتَرَى الْفُلْكَ فِيهِ مَوَازٍ لَتَبْتَغُوا مِنْ فَضْلِهِ وَلَعَلَّكُمْ تَشْكُرُونَ ﴿١٢﴾ يُوَلِّجُ اللَّيْلَ فِي النَّهَارِ وَيُوَلِّجُ النَّهَارَ فِي اللَّيْلِ وَسَخَّرَ الشَّمْسَ وَالْقَمَرَ كُلٌّ يَجْرِي لِأَجَلٍ مُسَمًّى ذَلِكُمُ اللَّهُ رَبُّكُمْ لَهُ الْمُلْكُ وَالَّذِينَ تَدْعُونَ مِنْ دُونِهِ مَا يَمْلِكُونَ مِنْ قِطْمِيرٍ ﴿١٣﴾ إِنْ تَدْعُوهُمْ لَا يَسْمَعُوا دُعَاءَكُمْ وَلَوْ سَمِعُوا مَا اسْتَجَابُوا لَكُمْ وَيَوْمَ الْقِيَامَةِ يَكْفُرُونَ بَشْرِكِكُمْ وَلَا يَنْبِتُكَ مِثْلُ خَيْرٍ ﴿١٤﴾ يَأْتِيهَا النَّاسُ أَنْتُمْ الْفُقَرَاءُ إِلَى اللَّهِ وَاللَّهُ هُوَ الْغَنِيُّ الْحَمِيدُ ﴿١٥﴾ إِنْ يَشَاءْ يُدْهِبْكُمْ وَيَأْتِ بِخَلْقٍ جَدِيدٍ ﴿١٦﴾ وَمَا ذَلِكُ عَلَى اللَّهِ بِعَزِيزٍ ﴿١٧﴾ وَلَا تَزِرُ وَازِرَةٌ وِزْرَ أُخْرَى وَإِنْ تَدْعُ مُثْقَلَةٌ إِلَىٰ حِمْلِهَا لَا يُحْمَلْ مِنْهُ شَيْءٌ وَلَوْ كَانَ ذَا قُرْبَىٰ إِنَّمَّا نُنْذِرُ الَّذِينَ يَخْشَوْنَ رَبَّهُم بِالْغَيْبِ وَأَقَامُوا الصَّلَاةَ وَمَنْ تَزَكَّىٰ فَإِنَّمَا يَتَزَكَّىٰ لِنَفْسِهِ ۖ وَإِلَى اللَّهِ الْمَصِيرُ ﴿١٨﴾

35.19 - Tsy mitovy ny jamba sy ny mahiratra,

35.20 - na ny aizina sy ny hazavana,

35.21 - na ny aloka sy ny hafanana migaingaina.

35.22 - Tahaka izany koa, tsy mitovy ny velona sy ny maty. Azon'Andriamanitra ampandrenesina izay tiany hampandrenesina, fa ianao kosa tsy afaka hampandre ny any am-pasana.

35.23 - Mpampitandrina ihany ianao.

35.24 - Nalefanay niaraka tamin'ny Fahamarinana ianao, ho mpilaza sy mpampitandrina. Tsy nisy vahoaka na iray aza, ka tsy efa nanana mpampitandrina.

35.25 - Ary raha lazain'izy ireo ho mpandainga ianao, dia efa nilaza ireo Iraka ho mpandainga ihany koa ireo talohan'izy ireo, nefa dia nitondra porofo taminy ireo Irany, rakisoratra sy Boky mpanazava.

35.26 - Avy eo, dia nosaziako ireo tsy mpino. Ary nanao ahoana ny Fanakianako (famaizana)!

35.27 - Tsy hitanao va, fa ampidin'Andriamanitra avy eny amin'ny lanitra ny rano? Ka avoakanay avy amin'izany ireo voankazo miloko isan-karazany. Ary eny an-tendrombohitra, misy faritra fotsy sy mena, ary loko samihafa, sy faritra tena mainty.

35.28 - Manana fihodirana samihafa ny olombelona, ny biby isan-karazany sy ireo biby fiompy dia manana loko samihafa ihany koa. Ireo manam-pahaizana ihany no tena matahotra an'Andriamanitra, amin'ireo mpanompony. Fa Tsitoha sy Mpanela heloka Andriamanitra.

35.29 - Ireo izay mamaky ny Bokin'Andriamanitra, sy manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), ary manao fandanianana miafina na an-karihary amin'izay nomenay azy ireo, dia manantena hanao fifanakalozana tsy ho rava mandrakizay,

35.30 - mba hanomezan'Andriamanitra azy ireo valisoa feno, sy hanampiany azy ireo amin'ny Fahasoavany. Fa Mpanela heloka Izy, ary Mpankasitraka.

وَمَا يَسْتَوِي الْأَعْمَى وَالْبَصِيرُ ﴿١٩﴾ وَلَا الظُّلُمَاتُ وَلَا النُّورُ
 ﴿٢٠﴾ وَلَا الظِّلُّ وَلَا الْحَرُورُ ﴿٢١﴾ وَمَا يَسْتَوِي الْأَحْيَاءُ وَلَا الْأَمْوَاتُ
 إِنَّ اللَّهَ يُسْمِعُ مَن يَشَاءُ وَمَا أَنتَ بِمُسْمِعٍ مَّن فِي الْقُبُورِ ﴿٢٢﴾ إِنَّ
 أَنتَ إِلَّا نَذِيرٌ ﴿٢٣﴾ إِنَّا أَرْسَلْنَاكَ بِالْحَقِّ بَشِيرًا وَنَذِيرًا وَإِن مِّنْ
 أُمَّةٍ إِلَّا خَلَا فِيهَا نَذِيرٌ ﴿٢٤﴾ وَإِن يَكْذِبُوكَ فَقَدْ كَذَّبَ الَّذِينَ
 مِن قَبْلِهِمْ جَاءَتْهُمْ رُسُلُهُم بِالْبَيِّنَاتِ وَبِالزُّبُرِ وَبِالْكِتَابِ
 الْمُنِيرِ ﴿٢٥﴾ ثُمَّ أَخَذْتُ الَّذِينَ كَفَرُوا فَكَيْفَ كَانَ نَكِيرِ ﴿٢٦﴾
 أَلَمْ تَرَ أَنَّ اللَّهَ أَنزَلَ مِنَ السَّمَاءِ مَاءً فَأَخْرَجْنَا بِهِ ثَمَرَاتٍ مُّخْتَلِفًا
 أَلْوَانُهَا وَمِنَ الْجِبَالِ جُدَدٌ بَيضٌ وَحُمْرٌ مُّخْتَلِفٌ أَلْوَانُهَا
 وَغَرَابِيبُ سُودٌ ﴿٢٧﴾ وَمِنَ النَّاسِ وَالدَّوَابِّ وَأَلْأَنْعَامِ
 مُخْتَلِفٌ أَلْوَنُهُ كَذَلِكَ إِنَّمَا يَخْشَى اللَّهَ مِنْ عِبَادِهِ الْعُلَمَاءُ
 إِنَّ اللَّهَ عَزِيزٌ غَفُورٌ ﴿٢٨﴾ إِنَّ الَّذِينَ يَتْلُونَ كِتَابَ اللَّهِ
 وَأَقَامُوا الصَّلَاةَ وَأَنفَقُوا مِمَّا رَزَقْنَاهُمْ سِرًّا وَعَلَانِيَةً
 يَرْجُونَ تِجَارَةً لَّن تَبُورَ ﴿٢٩﴾ لِيُوفِيَهُمْ أَجُورَهُمْ
 وَيَزِيدَهُم مِّن فَضْلِهِ إِنَّهُ غَفُورٌ شَكُورٌ ﴿٣٠﴾

35.31 - Ny Fahamarinana tokoa no nambaranay anao tamin'ny Boky, manamafy izay teo alohany. Fa Mahafantatra tsara ireo mpanompony Andriamanitra, ary Mahita azy ireo.

35.32 - Dia nataonay mpandova ny Boky ireo izay nofidinay tamin'ny mpanomponay. Misy amin'izy ireo no manao ny tsy rariny amin'ny tenany, ao koa ireo izay manao ny antonony, ary ny sasany kosa, noho ny alalana avy amin'Andriamanitra, dia mihoatra (ny hafa) noho ny asa soa ataony, izany no fahasoavan-dehibe.

35.33 - Ireo zaridainan'i Edena no hidiran'izy ireo, miravaka haba fehin-tànana volamena sy vatosoa; ary lamba lasoa no fitafin'izy ireo any.

35.34 - Ary hiteny izy ireo hoe: "Dera ho an'Andriamanitra, izay nampihataka ny alahelo taminay. Fa Mpamela heloka sy Mpankasitraka tokoa ny Tomponay.

35.35 - Noho ny Fahasoavany, dia Izy no nametraka anay ao amin'ny fonenana maharitra, ka tsy hahitanay havizanana na harerahana".

35.36 - Fa ireo tsy mpino, dia hahazo ny afon'ny helo izy ireo; tsy vonoina ho faty izy ireo, ary tsy hamaivanina mihitsy ny fijaliany. Toy izany no hamalianay ireo mpihizingizina amin'ny tsy finoana.

35.37 - Ary dia hiantsoantso izy ireo hoe: "Tompo ô! Avoahy izahay, hanao ny tsara, fa tsy tahaka izay nataonay teo aloha". Tsy efa nomenay fiainana lava moa ianareo mba hieritreretana izay mieritreritra? Ary tonga teo aminareo ihany koa ny mpampitandrina. Dia andramo àry, fa tsy misy famonjena ho an'ireo mpanao ny tsy rariny.

35.38 - Fantatr'Andriamanitra ny zava-miafin'ny lanitra sy ny tany, ary fantany izay raiketin'ny fo.

وَالَّذِي أَوْحَيْنَا إِلَيْكَ مِنَ الْكِتَابِ هُوَ الْحَقُّ مُصَدِّقًا لِّمَا بَيْنَ يَدَيْهِ إِنَّ اللَّهَ بِعِبَادِهِ لَخَبِيرٌ بَصِيرٌ ﴿٣١﴾ ثُمَّ أَوْرَثْنَا الْكِتَابَ الَّذِينَ اصْطَفَيْنَا مِنْ عِبَادِنَا فَمِنْهُمْ ظَالِمٌ لِّنَفْسِهِ وَمِنْهُمْ مُقْتَصِدٌ وَمِنْهُمْ سَابِقٌ بِالْخَيْرَاتِ بإِذْنِ اللَّهِ ذَلِكَ هُوَ الْفَضْلُ الْكَبِيرُ ﴿٣٢﴾ جَنَّتٌ عَدْنٍ يَدْخُلُونَهَا يُحَلَّوْنَ فِيهَا مِنْ أَسَاوِرَ مِنْ ذَهَبٍ وَلُؤْلُؤًا وَلِبَاسُهُمْ فِيهَا حَرِيرٌ ﴿٣٣﴾ وَقَالُوا الْحَمْدُ لِلَّهِ الَّذِي أَذْهَبَ عَنَّا الْحَزْنَ إِنَّ رَبَّنَا لَغَفُورٌ شَكُورٌ ﴿٣٤﴾ الَّذِي أَحَلَّنَا دَارَ الْمُقَامَةِ مِن فَضْلِهِ لَا يَمَسُّنَا فِيهَا نَصَبٌ وَلَا يَمَسُّنَا فِيهَا الْغُوبُ ﴿٣٥﴾ وَالَّذِينَ كَفَرُوا لَهُمْ نَارُ جَهَنَّمَ لَا يُقْضَىٰ عَلَيْهِمْ فَيَمُوتُوا وَلَا يُخَفَّفُ عَنْهُمْ مِنْ عَذَابِهَا كَذَلِكَ نَجْزِي كُلَّ كَفُورٍ ﴿٣٦﴾ وَهُمْ يَصْطَرِحُونَ فِيهَا رَبَّنَا أَخْرِجْنَا نَعْمَلْ صَالِحًا غَيْرَ الَّذِي كُنَّا نَعْمَلُ أَوَلَمْ نُعَمِّرْكُم مَّا يَتَذَكَّرُ فِيهِ مَنْ تَذَكَّرَ وَجَاءَكُمُ النَّذِيرُ فَذُوقُوا فَمَا لِلظَّالِمِينَ مِن نَّصِيرٍ ﴿٣٧﴾ إِنَّكَ اللَّهُ عَلِيمٌ غَيْبِ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ إِنَّهُ عَلِيمٌ بِذَاتِ الصُّدُورِ ﴿٣٨﴾

35.39 - Izy no nanao anareo ho mpandimby eto an-tany. Izay tsy mino, dia izy no iharan'ny tsy finoany. Tsy manampy ny tsy mpino ny tsy finoany, raha tsy ny fahafaham-barakany eo anatrehan'ny Tompony ihany. Tsy mampitombo afa-tsy fatiantoka ho an'ireo tsy mpino ny tsy finoany.

35.40 - Dia lazao hoe: "Hitanareo va ireo nataonareo ho mpitambatra amin'Andriamanitra izay antsoinareo ankoatra Azy? Asehoy ahy izay namboariny teto an-tany. Nandray anjara va izy ireo tamin'ny fahariana ny lanitra? Sa nomenay Boky misy porofo?" Tsia! Fa fitaka ihany no fampanantenana ifanaovan'ireo mpanao ny tsy rariny.

35.41 - Mihazona ny lanitra sy ny tany ho eo mandrakariva Andriamanitra. Ary raha miala teo izy ireo, dia tsy misy afaka hihazona izany ankoatra Azy. Fa izy no be fangorahana, sy Mpamela heloka.

35.42 - Ary nianiana tamin'Andriamanitra tamim-pianianana hentitra izy ireo, fa raha misy mpampitandrina tonga amin'izy ireo, dia ho voatari-dàlana tsara noho ireo vahoaka hafa izy ireo. Nefa rehefa tonga tamin'izy ireo ny mpampitandrina (Mpaminany), dia vao mainka nampitombo ny fankahalan'izy ireo izany,

35.43 - noho ny fireharehana teto an-tany, sy ny tetika ho enti-mamadika. Nefa dia izay manao izany ihany no voasaron'ny teti-dratsy ataony. Miandry anjara hafa noho ny an'ireo teo aloha àry va izy ireo? Nefa dia tsy hahita fanovana amin'ny lalàn'Andriamanitra velively ianao, eny! Tsy hahita fiovana amin'ny lalàn'Andriamanitra mandrakizay.

35.44 - Tsy mbola nandeha nitety ny tany va izy ireo, ka tsy nahita izay nahazo ireo niaina talohany, izay natanjaka kokoa noho izy ireo? Ary tsy misy afaka hampihena ny fahefan'Andriamanitra, na any an-danitra na ety an-tany. Fa Mahefa sy Mahalala ny zavatra rehetra izy.

هُوَ الَّذِي جَعَلَ لَكُمُ خَلْقًا فِي الْأَرْضِ مِمَّنْ كَفَرَ فَعَلَيْهِ كُفْرُهُ، وَلَا يُزِيدُ الْكَافِرِينَ كُفْرُهُمْ عِنْدَ رَبِّهِمْ إِلَّا مَقْتًا وَلَا يَزِيدُ الْكَافِرِينَ كُفْرُهُمْ إِلَّا خُسَارًا ﴿٣٩﴾ قُلْ أَرَأَيْتُمْ شُرَكَاءَكُمُ الَّذِينَ تَدْعُونَ مِنْ دُونِ اللَّهِ أَرُونِي مَاذَا خَلَقُوا مِنَ الْأَرْضِ أَمْ لَهُمْ شِرْكٌ فِي السَّمَوَاتِ أَمْ آتَيْنَهُمْ كِتَابًا فَهُمْ عَلَى بَيِّنَةٍ مِّنْهُ بَلْ إِن يَعِدُ الظَّالِمُونَ بَعْضُهُمْ بَعْضًا إِلَّا غُرُورًا ﴿٤٠﴾ إِنَّ اللَّهَ يُمْسِكُ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ أَنْ تَزُولَا وَلَئِنْ زَالَتَا إِنْ أَمْسَكَهُمَا مِنْ أَحَدٍ مِّنْ بَعْدِهِ إِنَّهُ كَانَ حَلِيمًا غَفُورًا ﴿٤١﴾ وَأَقْسَمُوا بِاللَّهِ جَهْدَ أَيْمَانِهِمْ لَئِنْ جَاءَهُمْ نَذِيرٌ لَّيَكُونُنَّ أَهْدَىٰ مِنْ إِحْدَى الْأُمَمِ فَلَمَّا جَاءَهُمْ نَذِيرٌ مَّا زَادَهُمْ إِلَّا نُفُورًا ﴿٤٢﴾ أَسْتَكْبَرُوا فِي الْأَرْضِ وَمَكْرُ السَّيِّئِ لَا يَحِيقُ الْمَكْرُ السَّيِّئِ إِلَّا بِأَهْلِهِ فَهَلْ يَنْظُرُونَ إِلَّا سُنَّتَ الْأَوَّلِينَ فَلَن تَجِدَ لِسُنَّتِ اللَّهِ تَبْدِيلًا وَلَن تَجِدَ لِسُنَّتِ اللَّهِ تَحْوِيلًا ﴿٤٣﴾ أَوَلَمْ يَسِيرُوا فِي الْأَرْضِ فَيَنْظُرُوا كَيْفَ كَانَ عَاقِبَةُ الَّذِينَ مِنْ قَبْلِهِمْ وَكَانُوا أَشَدَّ مِنْهُمْ قُوَّةً وَمَا كَانَ اللَّهُ لِيُعْجِزَهُ مِنْ شَيْءٍ فِي السَّمَوَاتِ وَلَا فِي الْأَرْضِ إِنَّهُ كَانَ عَلِيمًا قَدِيرًا ﴿٤٤﴾

35.45 - Fa raha tezitra amin'ny olona noho izay ataon'izy ireo Andriamanitra, dia tsy hisy zava-manan'aina havelany ho velona mihitsy eto an-tany. Nefa omeny fetra izy ireo hatramin'ny fotoana voatondro. Ka rehefa tonga ny fetra. . . (dia ho saizany izy ireo) fa Mahita ireo mpanompony Andriamanitra.

**TOKO - 36
YA-SIN**

Andininy 83: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

36.1 - Ya-Sin.

36.2 - Mianiana amin'ilay Kor'any feno fahendrena Aho,

36.3 - fa isan'ireo Iraka tokoa ianao (ry Mohammad),

36.4 - amin'ny lalana mahitsy.

36.5 - Fanambarana avy amin'Ilay Tsitoha, Ilay be Indrafo,

36.6 - mba hampitandremanao vahoaka iray, izay tsy mbola nampitandreminao ireo razambeny, ka dia tsy miraharaha izany izy ireo.

36.7 - Tanteraka tokoa ny teny natao tamin'ny ankamaroan'izy ireo, fa tsy hino izany mihitsy izy ireo.

36.8 - Hasianay gadra-vy amin'ny hatony, hatreny amin'ny saokany, ka indreny fa handeha hilanja loha izy ireo,

36.9 - ary hasianay fefy eo anoloany, ary fefy aoriany; hosaronany izy ireo ka tsy hahita.

36.10 - Mitovy ihany amin'izy ireo, na ampitandreminao izy na tsy ampitandreminao; dia tsy hino mihitsy izy ireo.

36.11 - Izay manaraka ny Fampahatsiarovana sy matahotra Ilay be Fiantrana ihany no ampitandreminao, na dia tsy mahita Azy aza. Ilazao vaovao mahafaly amin'ny famelan-keloka sy ny valisoa sesehena ho azony izy ireo.

36.12 - Izahay tokoa no manangana ireo maty, ary manoratra izay nataony ho an'ny fiainana any an-koatra, sy ny vokatr'izany. Ary dia nisainay anaty rakitsoratra mazava ny zavatra rehetra.

وَلَوْ يُؤَاخِذُ اللَّهُ النَّاسَ بِمَا كَسَبُوا مَا تَرَكُوا عَلَى
ظُهُرِهِمْ مِنْ دَابَّةٍ وَلَكِنْ يُؤَخِّرُهُمْ إِلَىٰ أَجَلٍ مُّسَمًّى
فَإِذَا جَاءَ أَجْلُهُمْ فَإِنَّ اللَّهَ كَانَ بِعِبَادِهِ بَصِيرًا ﴿٤٥﴾

سُورَةُ يٰسِينَ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

يٰسَ ۝ وَالْقُرْآنِ الْحَكِيمِ ۝ إِنَّكَ لَمِنَ الْمُرْسَلِينَ ﴿٢﴾ عَلَى
صِرَاطٍ مُّسْتَقِيمٍ ﴿٤﴾ تَنْزِيلَ الْعَزِيزِ الرَّحِيمِ ﴿٥﴾ لِنُنذِرَ قَوْمًا مَّا
أُنْذِرُوا أَبَاؤُهُمْ فَهُمْ غَافِلُونَ ﴿٦﴾ لَقَدْ حَقَّ الْقَوْلُ عَلَىٰ أَكْثَرِهِمْ
فَهُمْ لَا يُؤْمِنُونَ ﴿٧﴾ إِنَّا جَعَلْنَا فِي أَعْنَاقِهِمْ أَغْلًا فَهُمْ إِلَىٰ
الْأَذْقَانِ فَهُمْ مُّقْمَحُونَ ﴿٨﴾ وَجَعَلْنَا مِنْ بَيْنِ أَيْدِيهِمْ سَدًّا
وَمِنْ خَلْفِهِمْ سَدًّا فَأَغْشَيْنَاهُمْ فَهُمْ لَا يُبْصِرُونَ ﴿٩﴾ وَسَوَاءٌ
عَلَيْهِمْ ءَأَنْذَرْتَهُمْ أَمْ لَمْ تُنْذِرْهُمْ لَا يُؤْمِنُونَ ﴿١٠﴾ إِنَّمَا نُنْذِرُ
مَنِ اتَّبَعَ الذِّكْرَ وَخَشِيَ الرَّحْمَنَ الْغَيْبَ فَبَشِّرْهُ بِمَغْفِرَةٍ
وَأَجْرِ كَرِيمٍ ﴿١١﴾ إِنَّا نَحْنُ نُحْيِي الْمَوْتَىٰ وَنَكْتُبُ
مَا قَدَّمُوا وَآثَرَهُمْ وَكُلُّ شَيْءٍ أَحْصَيْنَاهُ فِي إِمَامٍ مُّبِينٍ ﴿١٢﴾

36.13 - Ataovy ho fanoharana amin'izy ireo ny mponin'ilay tanàna, rehefa tonga teo aminy ireo Iraka.

36.14 - Rehefa nandefasanay Iraka roa izy ireo, ka nolazainy ho mpandainga izy roa ireo; dia nohamafisinay tamin'ny Iraka fanintelony, ka hoy izy ireo: "Nalefa ho aminareo tokoa izahay".

36.15 - Nefa hoy izy ireo: "Olombelona tahaka anay ihany ianareo. Tsy nampidina na inona na inona Ilay be Fiantrana, fa ianareo no mandainga".

36.16 - Dia hoy izy ireo: "Fantatry ny Tomponay, fa nalefa ho aminareo tokoa izahay,

36.17 - ary ny hany anjaranay, dia ny fampitana mazava (ny hafatra)".

36.18 - Hoy izy ireo: "Milaza loza no fahitanay anareo. Raha tsy mitsahatra amin'izany ianareo, dia hotorahanay vato tokoa, ary ho azon'ny famaizana mamirifiry avy aty Aminay".

36.19 - Hoy izy ireo namaly: "Avy aminareo ihany ny lozanareo. Toy izany va (no ataonareo) rehefa ampahatsiarovina ianareo? Olona mpihoa-pefy tokoa ianareo!".

36.20 - Ary tonga ny lehilahy anankiray nihazakazaka avy amin'ny sisin'ny tanàna, ka niteny hoe: "Ry vahoakako! Aoka ianareo hanaraka ireo Iraka;

36.21 - manaraha izay tsy mangataka tambiny aminareo ianareo, sady amin'ny lalana marina.

36.22 - Inona moa no tsy hanompoako Ilay Nahary ahy? Nefa any Aminy no tsy maintsy hamerenana anareo.

36.23 - Haka andriamanitra hafa ankoatra Azy va aho? Raha te-hanao ratsy ahy Ilay be Fiantrana, dia tsy hahasoa ahy ny fanelanelanana ataon'izy ireo, sady tsy hahavotra ahy izy ireo.

36.24 - Ho very lalana tanteraka aho raha izany.

36.25 - (Nefa) mino ny Tomponareo aho, koa mba henoy".

36.26 - Dia nolazaina taminy hoe: "Midira ao amin'ny Paradisa ianao", ka hoy izy: "Raha mba fantatry ny vahoakako mantsy!

36.27 - Inona no antony namelan'ny Tompoko ny heloko, sy nametrahany ahy ho isan'ireo omem-boninahitra".

وَأَضْرَبَ لَهُمْ مَثَلًا أَصْحَابَ الْقَرْيَةِ إِذْ جَاءَهَا الْمُرْسَلُونَ ﴿١٣﴾
 إِذْ أَرْسَلْنَا إِلَيْهِمُ اثْنَيْنِ فَكَذَّبُوهُمَا فَعَزَّزْنَا بِثَالِثٍ فَقَالُوا إِنَّا
 إِلَيْكُمْ مُّرْسَلُونَ ﴿١٤﴾ قَالُوا مَا أَنْتُمْ إِلَّا بَشَرٌ مِثْلُنَا وَمَا أَنْزَلَ
 الرَّحْمَنُ مِنْ شَيْءٍ إِنْ أَنْتُمْ إِلَّا تَكْذِبُونَ ﴿١٥﴾ قَالُوا رَبُّنَا يَعْلَمُ إِنَّا
 إِلَيْكُمْ لَمُرْسَلُونَ ﴿١٦﴾ وَمَا عَلَيْنَا إِلَّا الْبَلَاغُ الْمُبِينُ ﴿١٧﴾
 قَالُوا إِنَّا نَطِيرُ بِمَا نَكُفُّ لَيْنَ لَمْ تَنْتَهُوا لَنَرْجُمَنَّكُمْ وَلَيَمَسَّنَّكُمْ
 مِنَّا عَذَابٌ أَلِيمٌ ﴿١٨﴾ قَالُوا طَائِفُكُمْ مَعَكُمْ أَيْنَ ذُكِّرْتُمْ
 بَلْ أَنْتُمْ قَوْمٌ مُّسْرِفُونَ ﴿١٩﴾ وَجَاءَ مِنْ أَقْصَا الْمَدِينَةِ رَجُلٌ
 يَسْعَى قَالَ يَنْقُومُ اتَّبِعُوا الْمُرْسَلِينَ ﴿٢٠﴾ اتَّبِعُوا مَنْ
 لَا يَسْأَلُكُمْ أَجْرًا وَهُمْ مُهْتَدُونَ ﴿٢١﴾ وَمَالِيَ لَا أَعْبُدُ إِلَّا
 فَطَرَنِي وَإِلَيْهِ تُرْجَعُونَ ﴿٢٢﴾ أَأَتَّخِذُ مِنْ دُونِهِ آلِهَةً إِنْ
 يُرِدْنِ الرَّحْمَنُ بِضُرٍّ لَا تُغْنِ عَنِّي شَفَاعَتُهُمْ شَيْئًا وَلَا
 يُنْقِذُونِ ﴿٢٣﴾ إِنِّي إِذًا لَفِي ضَلَالٍ مُبِينٍ ﴿٢٤﴾ إِنِّي أَمِنْتُ
 رَبِّي كُمْ فَأَسْمِعُونِ ﴿٢٥﴾ قِيلَ ادْخُلِ الْجَنَّةَ قَالَ يَلَيْتَ قَوْمِي
 يَعْلَمُونَ ﴿٢٦﴾ بِمَا غَفَرَ لِي رَبِّي وَجَعَلَنِي مِنَ الْمُكْرَمِينَ ﴿٢٧﴾

FIZARANA FAHATELOAMBIROAPOLO

36.28 - Ary taoriany, dia tsy nampidina tafika avy any an-danitra mihitsy Izahay. Tsy nisy zavatra tianay nampidinina teo amin'ny vahoakany.

36.29 - Hiaka tokana ihany, dia indro fa maty izy ireo.

36.30 - Indrisy, ho an'ireo mpanompo! Tsy nisy Iraka tonga teo amin'izy ireo, ka tsy noesoiny.

36.31 - Tsy hitan'izy ireo va, fa firifiry ireo taranaka talohan'izy ireo no efa naringanay? Izay tsy hiverina intsony eo amin'izy ireo mandrakizay.

36.32 - Ary hiseho eo anatrehanay avokoa izy rehetra, tsy misy an-kanavaka.

36.33 - Porofy iray ho azy ireo, ny tany maty omenay aina indray, ka amoahanay voa hohanin'izy ireo.

36.34 - Nasianay zaridaina feno hazon'antrendry, sy voaloboka ao, ary nasianay loharano miboiboika,

36.35 - mba hihinanan'izy ireo ny voany, sy izay vokatra ny asan-tanany. Moa tsy hahay hankasitraka va izy ireo?

36.36 - Dera ho an'Ilay Nahary ireo tsiroaroa rehetra, izay nampanirian'ny tany, sy izay avy amin'ny tenan'izy ireo ihany, ary avy amin'izay tsy fantatr'izy ireo!

36.37 - Ary porofy iray ho azy ireo ny alina. Esorinay aminy ny andro, dia ao anatin'ny aizina izy ireo,

36.38 - ary ny masoandro dia misosa ho any amin'ny toerana natokana ho azy, toy izany no fandaharana nataon'Ilay Tsitoha, Ilay Mahalala ny zavatra rehetra.

36.39 - Ary ny volana, noferanay ny fiovany, hatramin'ny fisehoany ho toy ny hazon'antrendry efa antitra.

36.40 - Tsy afaka hahatratra ny masoandro ny volana, na handeha alohan'ny andro ny alina, fa samy misosa amin'ny faritra misy azy avy ny tsirairay.

وَمَا أَنْزَلْنَاهُ عَلَى قَوْمِهِ مِنْ بَعْدِهِ مِنْ جُنْدٍ مِنَ السَّمَاءِ وَمَا كُنَّا مُنْزِلِينَ ﴿٢٨﴾ إِنْ كَانَتْ إِلَّا صَيْحَةً وَاحِدَةً فَإِذَا هُمْ خَامِدُونَ ﴿٢٩﴾ يَحْسَرَةُ عَلَى الْعِبَادِ مَا يَأْتِيهِمْ مِنْ رَسُولٍ إِلَّا كَانُوا بِهِ يَسْتَهْزِئُونَ ﴿٣٠﴾ أَلَمْ يَرَوْا كَمْ أَهْلَكْنَا قَبْلَهُمْ مِنَ الْقُرُونِ أَنَّهُمْ إِلَيْهِمْ لَا يَرْجِعُونَ ﴿٣١﴾ وَإِنْ كُلُّ لَمَّا جَمِيعٌ لَدَيْنَا مُحْضَرُونَ ﴿٣٢﴾ وَآيَةٌ لَهُمُ الْأَرْضُ الْمَيِّتَةُ أَحْيَيْنَاهَا وَأَخْرَجْنَا مِنْهَا حَبًّا فَمِنْهُ يَأْكُلُونَ ﴿٣٣﴾ وَجَعَلْنَا فِيهَا جَنَّاتٍ مِنْ تَحْتِهَا يَنْخِيلُ وَاعْنَابٍ وَفَجْرْنَا فِيهَا مِنَ الْعُيُونِ ﴿٣٤﴾ لِيَأْكُلُوا مِنْ ثَمَرِهِ وَمَا عَمِلَتْهُ أَيْدِيهِمْ أَفَلَا يَشْكُرُونَ ﴿٣٥﴾ سُبْحَنَ الَّذِي خَلَقَ الْأَزْوَاجَ كُلَّهَا مِمَّا تُنْبِتُ الْأَرْضُ وَمِنْ أَنْفُسِهِمْ وَمِمَّا لَا يَعْلَمُونَ ﴿٣٦﴾ وَآيَةٌ لَهُمُ اللَّيْلُ نَسْلَخُ مِنْهُ النَّهَارَ فَإِذَا هُمْ مُظْلِمُونَ ﴿٣٧﴾ وَالشَّمْسُ تَجْرِي لِمُسْتَقَرٍّ لَهَا ذَلِكَ تَقْدِيرُ الْعَزِيزِ الْعَلِيمِ ﴿٣٨﴾ وَالْقَمَرَ قَدَرْنَاهُ مَنَازِلَ حَتَّىٰ عَادَ كَالْعُرْجُونِ الْقَدِيمِ ﴿٣٩﴾ لَا الشَّمْسُ يَنْبَغِي لَهَا أَنْ تُدْرِكَ الْقَمَرَ وَلَا اللَّيْلُ سَابِقُ النَّهَارِ وَكُلٌّ فِي فَلَكٍ يَسْبَحُونَ ﴿٤٠﴾

36.41 - Ary ny famantarana iray ho azy ireo koa, dia ny nitondranay ny taranany tamin'ny sambofiara feno;

36.42 - ary dia namboaranay mitovy amin'izany izy ireo, ka niakatra taminy.

36.43 - Ary raha sitrakay, dia narendrikay izy ireo, tsy misy mpamonjy, ary tsy ho voavonjy mihitsy,

36.44 - raha tsy famindram-po avy Aminay, sy ho fahafinaretana manam-petra.

36.45 - Ary raha ilazana izy ireo hoe: "Aoka ianareo hatahotra izay eo anoloanareo, sy izay aorianareo, mba hahazoanareo famindram-po".

36.46 - Nefa dia tsy nisy porofo tonga teo amin'izy ireo, tamin'ireo porofo avy tamin'ny Tompony, ka tsy nomen'izy ireo lamosina.

36.47 - Ary rehefa ilazana izy ireo hoe: "Manaova fandaniana amin'izay nomen'Andriamanitra anareo ianareo", dia milaza amin'ny mpino ireo tsy mpino hoe: "Hanome sakafo olona izay azon'Andriamanitra homena sakafo va izahay, raha tiany izany? Tena diso lalana tokoa ianareo".

36.48 - Ary hoy izy ireo: "Rahoviana izany fampanantenana izany, raha tena mpilaza ny marina ianareo?".

36.49 - Tsy miandry afa-tsy hiaka tokana, izay ho tonga aminy izy ireo, nefa izy ireo mbola eo am-pifandirana.

36.50 - Tsy afaka hanao didim-pananana akory izy ireo, na hiverina any amin'ny fianakaviany.

36.51 - Dia ho tsofina ny anjomara (trompetra), ka indreny fa hironatra avy any amin'ny fasany izy ireo, ho any amin'ny Tompony,

36.52 - sady hiteny izy ireo hoe: "Loza ho anay! Iza no nanangana anay avy tao amin'ny toeram-patorianay?". Izany no nampanantenain'ilay be Fiantrana, ary marina izay voalazan'ireo Iraka.

36.53 - Hiaka tokana ihany, dia indreo fa ho entina eo anatrehanay izy rehetra.

36.54 - Amin'izany andro izany, dia tsy hisy ho voambaka mihitsy. Fa izay nataonareo ihany no hamaliana anareo.

وَأَيُّهُمْ أَنَا حَمَلْنَا ذُرِّيَّتَهُمْ فِي الْفُلِكِ الْمَشْحُونِ ﴿٤١﴾ وَخَلَقْنَا لَهُمْ مِنْ مِثْلِهِ مَا يَرْكَبُونَ ﴿٤٢﴾ وَإِنْ نَشَاءُ نَغْرِقْهُمْ فَلَاصِرٌ لَهُمْ وَلَا هُمْ يُنْقَذُونَ ﴿٤٣﴾ إِلَّا رَحْمَةً مِنَّا وَمَتَاعًا إِلَىٰ حِينٍ ﴿٤٤﴾ وَإِذَا قِيلَ لَهُمُ اتَّقُوا مَا بَيْنَ أَيْدِيكُمْ وَمَا خَلْفَكُمْ لَعَلَّكُمْ تُرْحَمُونَ ﴿٤٥﴾ وَمَا تَأْتِيهِمْ مِنْ آيَةٍ مِنْ آيَاتِ رَبِّهِمْ إِلَّا كَانُوا عَنْهَا مُعْرِضِينَ ﴿٤٦﴾ وَإِذَا قِيلَ لَهُمْ أَنْفِقُوا مِمَّا رَزَقَكُمُ اللَّهُ قَالَ الَّذِينَ كَفَرُوا لِلَّذِينَ آمَنُوا أَنْطَعِمُ مِنْ لَوْ شَاءَ اللَّهُ أَطْعَمَهُ إِنْ أَنْتُمْ إِلَّا فِي ضَلَالٍ مُبِينٍ ﴿٤٧﴾ وَيَقُولُونَ مَتَىٰ هَذَا الْوَعْدُ إِنْ كُنْتُمْ صَادِقِينَ ﴿٤٨﴾ مَا يَنْظُرُونَ إِلَّا صَيْحَةً وَاحِدَةً تَأْخُذُهُمْ وَهُمْ يَخِصِّمُونَ ﴿٤٩﴾ فَلَا يَسْتَطِيعُونَ تَوْصِيَةً وَلَا إِلَىٰ أَهْلِهِمْ يَرْجِعُونَ ﴿٥٠﴾ وَنُفِخَ فِي الصُّورِ فَإِذَا هُمْ مِنَ الْأَجْدَاثِ إِلَىٰ رَبِّهِمْ يَنْسِلُونَ ﴿٥١﴾ قَالُوا يَا بُولُوكُنَا مَنْ بَعَثَنَا مِنْ مَرْقَدِنَا هَذَا مَا وَعَدَ الرَّحْمَنُ وَصَدَقَ الْمُرْسَلُونَ ﴿٥٢﴾ إِنْ كُنْتَ إِلَّا صَيْحَةً وَاحِدَةً فَإِذَا هُمْ جَمِيعٌ لَدَيْنَا مُحْضَرُونَ ﴿٥٣﴾ فَالْيَوْمَ لَا تُظْلَمُ نَفْسٌ شَيْئًا وَلَا يُتَحْزَنُ إِلَّا مَا كُنْتُمْ تَعْمَلُونَ ﴿٥٤﴾

36.55 - Amin'izany andro izany, dia ho sondriana amin'ny zavatra mahasambatra azy ireo ny olon'ny Paradisa;

36.56 - eo ambany alokaloka izy ireo sy ny vadiny, mitehin-kiho eo ambony seza lava.

36.57 - Hahazo voankazo izy ireo ao, ary hahazo izay tadiaviny.

36.58 - "Fiadanana (Salam)!" Teny avy amin'ny Tompo be Indrafo.

36.59 - Ry olona mpanao ratsy, mihataha ianareo amin'io andro io!

36.60 - Tsy efa noferako va ianareo, ry taranak'i Adama, mba tsy hanompo ny devoly? Fa fahavalo miharihary ho anareo tokoa izy.

36.61 - Fa hanompo Ahy ianareo! Izany no lalana mahitsy.

36.62 - Ary efa namery ny maro taminareo tokoa izy. Ka moa tsy misaina va ianareo?

36.63 - Indro ny afobe izay nampiomana anareo.

36.64 - Aoka ho may ao ianareo ankehitriny, noho ny tsy finoanareo.

36.65 - Amin'izany andro izany, dia hidinay ny vavan'izy ireo, fa ny tanan'izy ireo kosa no hiteny Aminay, ary ny tongotr'izy ireo dia hijoro vavolombelona amin'izay nataony.

36.66 - Ary raha sitrakay, dia nokosehinay ny masonry, ka nihazakazaka teny amin'ny lalana izy ireo. Fa ahoana moa no fomba hahitan'izy ireo?

36.67 - Ary raha sitrakay, dia novainay endrika avy hatrany teo amin'ny toerany izy ireo; ka tsy afaka na nandroso, na nihemotra.

36.68 - Izay omenay andro lava hiainana, dia ataonay miha osa. Moa tsy mandinika va izy ireo?

36.69 - Tsy nampianarinay tononkalo izy (Mohammad); sady tsy mendrika azy koa izany. Fampahatsiarovana ihany izy ity, ary vakiteny (Kor'any) mazava,

36.70 - mba hampitandremany ny velona, ary ho tanteraka amin'ireo tsy mpino ny Teny.

إِنَّ أَصْحَابَ الْجَنَّةِ الْيَوْمَ فِي شُغْلٍ فَكَهُونٍ ﴿٥٥﴾ هُمْ وَأَزْوَاجُهُمْ فِي ظِلِّلٍ عَلَى الْأَرَائِكِ مُتَكِنُونَ ﴿٥٦﴾ لَهُمْ فِيهَا فَاكِهَةٌ وَلَهُمْ مَائِدَ عُونٍ ﴿٥٧﴾ سَلَامٌ قَوْلًا مِنْ رَبِّ رَحِيمٍ ﴿٥٨﴾ وَامْتَرُوا الْيَوْمَ أَيُّهَا الْمُجْرِمُونَ ﴿٥٩﴾ أَلَمْ أَعْهَدْ إِلَيْكُمْ يَبْنَئِءَ آدَمَ أَنْ لَا تَعْبُدُوا الشَّيْطَانَ إِنَّهُ لَكُمْ عَدُوٌّ مُبِينٌ ﴿٦٠﴾ وَإِنْ أَعْبُدُونِي هَذَا صِرَاطٌ مُسْتَقِيمٌ ﴿٦١﴾ وَلَقَدْ أَضَلَّ مِنْكُمْ جِبِلًّا كَثِيرًا أَفَلَمْ تَكُونُوا تَعْقِلُونَ ﴿٦٢﴾ هَذِهِ جَهَنَّمُ الَّتِي كُنْتُمْ تُوعَدُونَ ﴿٦٣﴾ أَصَلُّوْهَا الْيَوْمَ بِمَا كُنْتُمْ تَكْفُرُونَ ﴿٦٤﴾ الْيَوْمَ نَخْتِمُ عَلَى أَفْوَاهِهِمْ وَتُكَلِّمُنَا أَيْدِيهِمْ وَتَشْهَدُ أَرْجُلُهُمْ بِمَا كَانُوا يَكْسِبُونَ ﴿٦٥﴾ وَلَوْ نَشَاءُ لَطَمَسْنَا عَلَى أَعْيُنِهِمْ فَاسْتَبَقُوا الصِّرَاطَ فَأَنَّى يُبْصِرُونَ ﴿٦٦﴾ وَلَوْ نَشَاءُ لَمَسَخْنَاهُمْ عَلَى مَكَانَتِهِمْ فَمَا اسْتَطَعُوا مُضِيًّا وَلَا يَرْجِعُونَ ﴿٦٧﴾ وَمَنْ تَعْمِرُهُ نُنَكِّسْهُ فِي الْخَلْقِ أَفَلَا يَعْقِلُونَ ﴿٦٨﴾ وَمَا عَلَّمْنَاهُ الشِّعْرَ وَمَا يَنْبَغِي لَهُ إِنْ هُوَ إِلَّا ذِكْرٌ وَقُرْءَانٌ مُبِينٌ ﴿٦٩﴾ لِيُنذِرَ مَنْ كَانَ حَيًّا وَيَحِقَّ الْقَوْلُ عَلَى الْكَافِرِينَ ﴿٧٠﴾

36.71 - Tsy hitan'izy ireo va, fa tamin'izay nataon'ny tanaanay, dia namorona biby fiompy ho fananan'izy ireo Izahay.

36.72 - Ary dia nataonay eo ambany fahefan'izy ireo izany (biby), ny sasany dia ampiasain'izy ireo ho biby fitaingina, ary ny sasany hafa kosa dia ho fihinana;

36.73 - ary mbola misy zavatra hafa hilàny izany, sy hataony fisotro. Ka moa tsy hahay hankasitraka va izy ireo?

36.74 - Ary dia naka andriamanitra hafa, ankoatra an'Andriamanitra izy ireo, mba hanantena famonjena.

36.75 - Izy ireny anefa dia tsy afaka mamonjy azy ireo, fa hamorona tafika hanohitra azy ireo aza.

36.76 - Koa aoka àry tsy hampalahelo anao ny tenin'izy ireo! Fantatray izay afeniny sy izay aharihariny.

36.77 - Tsy hitan'ny olombelona va, fa namboarinay avy amin'ny tsirinaina indray mitete izy? Nefa indro, fa lasa mpanohitra miharihary.

36.78 - Nanao fanoharana iray Taminay izy, saingy hadinony ny nahariana azy; hoy izy: "Iza no hanome aina indray ireo taolana rehefa lasa vovoka?"

36.79 - Lazao hoe: "Ilay Nahary azy ireo tamin'ny voalohany, no hanome azy ireo aina indray. Fantany avokoa ny zavaboahary rehetra".

36.80 - Ilay nanao afo ho anareo avy amin'ny hazo maitso, dia indro fa mandrehitra amin'izany ianareo.

36.81 - Moa tsy afaka hahary mitovy amin'izy ireo va, Ilay Nahary ny lanitra sy ny tany? Mifanohitra amin'izany tokoa! Fa izy no Ilay Mpahary ambony, Ilay Mahalala ny zavatra rehetra.

36.82 - Raha mila zavatra iray izy, dia mibaiko amin'ny teny manao hoe: "Misia", dia misy izany.

36.83 - Koa dera ho an'Ilay mitana ny fahefana amin'ny zavatra rehetra! Ary any Aminy no hamerehana anareo.

TOKO - 37
AS-SAFFAT
(IREO NALAHATRA)

Andininy 182: Nidina talohan'ny fifindra-monina (Hidjrah)

أَوَلَمْ يَرَوْا أَنَّا خَلَقْنَا لَهُمْ مِمَّا عَمِلَتْ أَيْدِينَا أَنْعَمًا فَهُمْ لَهَا
مَالِكُونَ ﴿٧١﴾ وَذَلَّلْنَاهَا لَهُمْ فَمِنْهَا رَكُوبُهُمْ وَمِنْهَا يَأْكُلُونَ ﴿٧٢﴾
وَلَهُمْ فِيهَا مَنَافِعُ وَمَشَارِبٌ أَفَلَا يَشْكُرُونَ ﴿٧٣﴾ وَاتَّخَذُوا
مِنْ دُونِ اللَّهِ آلِهَةً لَّهُمْ يَنْصُرُونَ ﴿٧٤﴾ لَا يَسْتَطِيعُونَ
نَصْرَهُمْ وَهُمْ لَهُمْ جُنْدٌ مُّحْضَرُونَ ﴿٧٥﴾ فَلَا يَحْزُنُكَ قَوْلُهُمْ
إِنَّا نَعْلَمُ مَا يُسِرُّونَ وَمَا يُعْلِنُونَ ﴿٧٦﴾ أَوَلَمْ يَرِ الْإِنْسَانُ أَنَّا
خَلَقْنَاهُ مِنْ نُطْفَةٍ فَإِذَا هُوَ خَصِيمٌ مُّبِينٌ ﴿٧٧﴾ وَضَرَبَ لَنَا
مَثَلًا وَنَسِيَ خَلْقَهُ قَالَ مَنْ يُحْيِي الْعِظْمَ وَهِيَ رَمِيمٌ ﴿٧٨﴾
قُلْ يُحْيِيهَا الَّذِي أَنْشَأَهَا أَوَّلَ مَرَّةٍ وَهُوَ بِكُلِّ خَلْقٍ عَلِيمٌ ﴿٧٩﴾
الَّذِي جَعَلَ لَكُم مِّنَ الشَّجَرِ الْأَخْضَرِ نَارًا فَإِذَا أَنْتُمْ
مِنْهُ تُوقَدُونَ ﴿٨٠﴾ أَوَلَيْسَ الَّذِي خَلَقَ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ
بِقَدِيرٍ عَلَىٰ أَن يَخْلُقَ مِثْلَهُمْ بَلَىٰ وَهُوَ الْخَلَّاقُ الْعَلِيمُ ﴿٨١﴾
إِنَّمَا أَمْرُهُ إِذَا أَرَادَ شَيْئًا أَن يَقُولَ لَهُ كُنْ فَيَكُونُ ﴿٨٢﴾
فَسُبْحَنَ الَّذِي يَبْدِئُ مَلَكُوتُ كُلِّ شَيْءٍ وَإِلَيْهِ تُرْجَعُونَ ﴿٨٣﴾

سُورَةُ الصَّافَّاتِ

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.

- 37.1 - Mianiana amin'ireo nalahatra amin'ny filaharana Aho,
 37.2 - sy amin'ireo manosika mafy (ny rahona),
 37.3 - ary amin'ireo mamaky ho fampahatsiarovana (hoe):
 37.4 - "Marina fa Tokana ny Andriamanitrareo,
 37.5 - Ilay Tompon'ny lanitra sy ny tany, ary izay eo anelanelany, sady Tompon'ireo fiposahan'ny masoandro".
 37.6 - Nampihaingonay amin'ny ravak'ireo kintana ny lanitra akaiky indrindra,
 37.7 - mba hiarovana azy amin'ny devoly mpikomy.
 37.8 - Tsy afaka hihaino ireo manam-boninahitra ambony (Anjely) izy ireo, satria ho voaenjika isaka ny lafim-pitodihana rehetra,
 37.9 - sady ho voatosika. Ary hahazo fanasaziana tsy hanam-pahataperana izy ireo.
 37.10 - Afa-tsy izay mihaino an-tsokosoko, ka henjehin'ny tain-kintana mandoaka.
 37.11 - Anontanio raha sarotra amboarina noho izay noharianay izy ireny. Fa fotaka madity no namboaranay azy ireo.
 37.12 - Nefa gaga ianao, ary maneso izy ireo!
 37.13 - Ary rehefa ampahatsiarovina (ny Kor'any) izy ireo, dia tsy mandray izany;
 37.14 - ary rehefa mahita fahagagana izy ireo, dia manao izay hanesoana izany,
 37.15 - ka miteny izy ireo hoe: "Majika miharihary ihany izany?
 37.16 - Rehefa maty izahay, ka ho lasa vovoka sy taolana, dia mbola hatsangana indray va?
 37.17 - Toy izany koa va ireo razambenay taloha?"
 37.18 - Dia lazao hoe: "Eny! Ary hanetry tena ianareo".
 37.19 - Hiaka tokana ihany, dia indro izy ireo fa hijery,
 37.20 - ka hiteny izy ireo hoe: "Loza ho anay! Tena tonga ny andro famaliana".
 37.21 - "Izany no andro fitsarana, izay nataonareo ho lainga".
 37.22 - "Angony ireo olona mpanao ny tsy rariny sy ny vadin'izy ireo avy, ary izay rehetra notompoiny,
 37.23 - ankoatra an'Andriamanitra. Dia ento mankany amin'ny lalan'ny afo mivaivay izy ireo.
 37.24 - Ary ajanony izy ireo, fa tsy maintsy anontaniana".

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

وَالصَّافَّاتِ صَفًّا ۝١ فَالزَّجَرَاتِ زَجْرًا ۝٢ فَالْوَالِيَاتِ ذِكْرًا ۝٣ إِنَّ إِلَهَكُمْ لَوَاحِدٌ ۝٤ رَبُّ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَمَا بَيْنَهُمَا وَرَبُّ الْمَشْرِقِ ۝٥ إِنْ أَرَادْنَا السَّمَاءَ الدُّنْيَا بِزَيْلٍ أَلَكُوكِ ۝٦ وَحِفْظًا مِّنْ كُلِّ شَيْطَانٍ مَّارِدٍ ۝٧ لَا يَسْمَعُونَ إِلَى الْمَلَأِ الْأَعْلَى وَيُقَذَّفُونَ مِّنْ كُلِّ جَانِبٍ ۝٨ دُحُورًا وَلَهُمْ عَذَابٌ وَاصِبٌ ۝٩ إِلَّا مَنْ خَطِفَ الْخَطْفَةَ فَأَتْبَعَهُ شِهَابٌ ثَاقِبٌ ۝١٠ فَاسْتَفْتِهِمْ أَهُمْ أَشَدُّ خَلْقًا أَمْ مَنِ خَلَقْنَاهُ إِنَّا خَلَقْنَاهُمْ مِّن طِينٍ لَّازِبٍ ۝١١ بَلْ عَجِبْتَ وَيَسْخَرُونَ ۝١٢ وَإِذَا ذُكِّرُوا لَا يَذْكُرُونَ ۝١٣ وَإِذَا أُرُوا آيَةً يَسْتَسْخَرُونَ ۝١٤ وَقَالُوا إِن هَذَا إِلَّا سِحْرٌ مُّبِينٌ ۝١٥ أَمْ دَامِنَا وَكَانُوا رَبًّا وَعَظَمًا أَمْ نَالِ الْمَبْعُوثُونَ ۝١٦ أَوْءَابَاؤُنَا الْأَوَّلُونَ ۝١٧ قُلْ نَعَمْ وَأَنْتُمْ دَاخِرُونَ ۝١٨ فَإِنَّمَا هِيَ زَجْرَةٌ وَاحِدَةٌ فَإِذَا هُمْ يَنْظُرُونَ ۝١٩ وَقَالُوا يُبْلَغُنَا هَذَا يَوْمَ الدِّينِ ۝٢٠ هَذَا يَوْمُ الْفَصْلِ الَّذِي كُنْتُمْ بِهِ تُكَذِّبُونَ ۝٢١ أَحْشَرُوا الَّذِينَ ظَلَمُوا وَأَزْوَاجَهُمْ وَمَا كَانُوا يَعْبُدُونَ ۝٢٢ مِّنْ دُونِ اللَّهِ فَاهْدُوهُمْ إِلَى صِرَاطِ الْجَحِيمِ ۝٢٣ وَقِفُوهُمْ إِنَّهُمْ مَسْئُولُونَ ۝٢٤

- 37.25 - "Nahoana ianareo no tsy mifamonjy?".
 37.26 - Nefa hanaiky tanteraka izy ireo amin'io andro io,
 37.27 - ary hifampitodika izy ireo, ka hifanontany;
 37.28 - hiteny izy ireo hoe: "Tonga teo aminay tamim-panehoana ny tsara ianareo".
 37.29 - Dia hoy izy ireo hoe: "Na ianareo koa aza tsy nino".
 37.30 - Ary tsy nanana fahefana taminareo izahay. Fa ianareo no tena olona mpandika lalana.
 37.31 - Dia tanteraka aminay ny tenin'ny Tomponay; ka hanandrana (ny fanasaziana) tokoa izahay.
 37.32 - "Nofitahinay tokoa ianareo, fa raha ny marina, dia izahay mihitsy no efa very lalana".
 37.33 - Amin'io andro io ary, dia hira-voasazy izy ireo.
 37.34 - Toy izany tokoa no anaovanay ireo mpanao ratsy.
 37.35 - Rehefa lazaina izy ireo hoe: "Tsy misy tompo hafa, afa-tsy Andriamanitra", dia hampiseho fiavonavonana izy ireo,
 37.36 - ka miteny izy ireo hoe: "Handao ireo andriamanitray va izahay, noho izay mpanao tononkalo adala?".
 37.37 - Nefa tonga niaraka tamin'ny fahamarinana izy, ary nanamafy ireo iraka (taloha).
 37.38 - Hamafisina, fa hanandrana ny sazy mamirifiry tokoa ianareo.
 37.39 - Ary tsy ho valiana ianareo, raha tsy araka izay nataonareo ihany,
 37.40 - afa-tsy ireo mpanompo voafidin'Andriamanitra,
 37.41 - izy ireny no hahazo ny fanomezana efa fantatra:
 37.42 - ireo voankazo isan-karazany; ary dia homem-boninahitra izy ireo,
 37.43 - ao amin'ny zaridainam-pahasambarana,
 37.44 - ambonin'ireo fandriana mifanatrika.
 37.45 - Hampitampitaina amin'izy ireo ny kapoaka feno rano avy amin'ny loharano,
 37.46 - fotsy, matsiro ho an'ireo mpisotro.
 37.47 - Tsy hanimba saina izany, ary tsy hahamamo azy ireo.
 37.48 - Ary hisy vehivavy tsara tarehy baribarimaso, madio fijery, eo anilan'izy ireo,
 37.49 - tahaka ny vakana (perla) voatahiry tsara izy ireo.
 37.50 - Dia hifampitodika izy ireo, hifampanontany.
 37.51 - Hiteny ny anankiray amin'izy ireo hoe: "Nanana namana iray aho,

مَا لَكُمْ لَا تَنَاصَرُونَ ﴿٤٥﴾ بَلْ هُمْ أَلْيَوْمَ مُتَسَلِّمُونَ ﴿٤٦﴾ وَأَقْبَلَ بَعْضُهُمْ
 عَلَى بَعْضٍ يَتَسَاءَلُونَ ﴿٤٧﴾ قَالُوا إِنَّكُمْ كُنْتُمْ تَأْتُونَنَا عَنِ الْيَمِينِ ﴿٤٨﴾
 قَالُوا بَلْ لَمْ تَكُونُوا مُؤْمِنِينَ ﴿٤٩﴾ وَمَا كَانَ لَنَا عَلَيْكُمْ مِنْ سُلْطَانٍ
 بَلْ كُنْتُمْ قَوْمًا طَافِينَ ﴿٥٠﴾ فَحَقَّ عَلَيْنَا قَوْلُ رَبِّنَا إِنَّآ لَذَاقُونَ ﴿٥١﴾
 فَأَغْوَيْنَاكُمْ إِنَّا كُنَّا غَاوِينَ ﴿٥٢﴾ فَإِنَّهُمْ يَوْمَئِذٍ فِي الْعَذَابِ مُشْتَرِكُونَ
 ﴿٥٣﴾ إِنَّا كَذَلِكَ نَفْعَلُ بِالْمُجْرِمِينَ ﴿٥٤﴾ إِنَّهُمْ كَانُوا إِذَا قِيلَ لَهُمْ
 لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ يَسْتَكْبِرُونَ ﴿٥٥﴾ وَيَقُولُونَ إِنَّا لَتَارِكُو آلِهَتِنَا
 لِشَاعِرٍ مَجْنُونٍ ﴿٥٦﴾ بَلْ جَاءَ بِالْحَقِّ وَصَدَّقَ الْمُرْسَلِينَ ﴿٥٧﴾ إِنَّكُمْ
 لَذَاقُوا الْعَذَابِ الْأَلِيمَ ﴿٥٨﴾ وَمَا تُجْزَوْنَ إِلَّا مَا كُنْتُمْ تَعْمَلُونَ
 ﴿٥٩﴾ إِلَّا عِبَادَ اللَّهِ الْمُخْلَصِينَ ﴿٦٠﴾ أُولَئِكَ لَهُمْ رِزْقٌ مَعْلُومٌ ﴿٦١﴾
 فَوَكَهَهُمْ مَكْرُمُونَ ﴿٦٢﴾ فِي جَنَّاتِ النَّعِيمِ ﴿٦٣﴾ عَلَى سُرُرٍ مُتَقَابِلِينَ
 ﴿٦٤﴾ يُطَافُ عَلَيْهِمْ بِكَأْسٍ مِنْ مَعِينٍ ﴿٦٥﴾ بَيْضَاءَ لَذَّةٍ لِلشَّارِبِينَ
 ﴿٦٦﴾ لَا فِيهَا غَوْلٌ وَلَا هُمْ عَنْهَا يُنْفَوْنَ ﴿٦٧﴾ وَعِنْدَهُمْ قَاصِرَاتُ
 الطَّرْفِ عِينٌ ﴿٦٨﴾ كَأَنَّهُنَّ بَيْضٌ مَكْنُونٌ ﴿٦٩﴾ فَأَقْبَلَ بَعْضُهُمْ عَلَى
 بَعْضٍ يَتَسَاءَلُونَ ﴿٧٠﴾ قَالَ قَائِلٌ مِنْهُمْ إِنِّي كَانَ لِي قَرِينٌ ﴿٧١﴾

- 37.52 - izay niteny hoe: "Isan'ireo mino tokoa va ianao?
 37.53 - Fa rehefa maty, ka lasa vovoka sy taolana izahay, dia moa va mbola hanao tatitra indray?
 37.54 - Hiteny izy hoe: "Te-hitazana va ianareo?".
 37.55 - Dia hitazana (avy eny ambony) izy, ka hahita azy ao anaty afo mivaivay,
 37.56 - ary hiteny izy hoe: "Marina eo anatrehan'Andriamanitra! Tena saika noverezinao aho!
 37.57 - Ary raha tsy noho ny fahasoavan'ny Tompoko, dia ho isan'ireo izay matrika izany tokoa aho (fanasaziana).
 37.58 - Marina va fa tsy ho faty izahay,
 37.59 - afa-tsy ilay fahafatesanay voalohany, ary tsy ho saizana izahay?
 37.60 - Izany tokoa no fahombiazana lehibe.
 37.61 - Amin'ny toy izany, no tokony hiasan'ireo izay miasa.
 37.62 - Izany va no tsara kokoa ho fipetrahana, sa ny hazon'ny zaqqoum (hazo mangidin'ny afobe)?
 37.63 - Nataonay ho fitsapana ireo mpanao ny tsy rariny izany.
 37.64 - Hazo nipoitra avy ao anatin'ny afo izany.
 37.65 - Tahaka ny lohan'ireo devoly ny voany.
 37.66 - Tsy maintsy mihinana amin'izany izy ireo, ary mameno kibo.
 37.67 - Manaraka izany, dia hisy fifangaroana ranon-javatra mangotraka eo amin'izy ireo.
 37.68 - Avy eo, dia any amin'ny afo mivaivay no fiverenan'izy ireo.
 37.69 - Fa nahita ireo razambeny tao anatin'ny fahaverezana izy ireo,
 37.70 - ka indro izy ireo nihazakazaka nanaraka ny diany.
 37.71 - Talohan'izy ireo, dia very lalana tokoa ny ankamaroan'ireo teo taloha.
 37.72 - Ary hamafisina, fa nandefa mpampitandrina tamin'izy ireo izahay.
 37.73 - Koa jereo ny fomba niafaran'ireo nampitandremina!
 37.74 - Afa-tsy ireo voafidy tamin'ireo mpanompon'Andriamanitra.
 37.75 - Ary niantso anay tokoa i Noa, fa izahay no Mpamaly tsara indrindra (ny fitalahoana)
 37.76 - Ary navotanay tamin'ny fahoriana lehibe izy, sy ny fianakaviany,

يَقُولُ أَءَيْ نَكَ لِمَنِ الْمُصَدِّقِينَ ﴿٥٢﴾ أءَيْ دَامِنَّا وَكُنَّا تُرَابًا وَعِظْمًا أءَيْ نَا
 لَمَدِينُونَ ﴿٥٣﴾ قَالَ هَلْ أَنْتُمْ مُطَّلِعُونَ ﴿٥٤﴾ فَاطَّلَعَ فَرَآهُ فِي سَوَاءِ
 الْجَحِيمِ ﴿٥٥﴾ قَالَ تَاللَّهِ إِن كِدْتَ لَتُرْدِينَ ﴿٥٦﴾ وَلَوْلَا نِعْمَةُ رَبِّي
 لَكُنْتُ مِنَ الْمُحْضَرِينَ ﴿٥٧﴾ أَمَا نَحْنُ بِمَبْتَرِينَ ﴿٥٨﴾ إِلَّا مَوْنَتَنَا
 الْأُولَى وَمَا نَحْنُ بِمُعَذَّبِينَ ﴿٥٩﴾ إِنَّ هَذَا هُوَ الْفَوْزُ الْعَظِيمُ ﴿٦٠﴾
 لِمِثْلِ هَذَا فَلْيَعْمَلِ الْعَامِلُونَ ﴿٦١﴾ أَذَلِكَ خَيْرٌ نُزُلًا أَمْ شَجَرَةِ
 الزَّقُّومِ ﴿٦٢﴾ إِنَّا جَعَلْنَاهَا فِتْنَةً لِلظَّالِمِينَ ﴿٦٣﴾ إِنَّهَا شَجَرَةٌ
 تَخْرُجُ فِي أَصْلِ الْجَحِيمِ ﴿٦٤﴾ طَلْعُهَا كَأَنَّهُ رُءُوسُ الشَّيَاطِينِ
 ﴿٦٥﴾ فَإِنَّهُمْ لَا يَكُونُ مِنْهَا لِقُونٍ مِنْهَا الْبُطُونَ ﴿٦٦﴾ ثُمَّ إِنَّ لَهُمْ
 عَلَيْهَا لَشَوْبًا مِنْ حَمِيمٍ ﴿٦٧﴾ ثُمَّ إِنَّ مَرْجِعَهُمْ لَإِلَى الْجَحِيمِ ﴿٦٨﴾
 إِنَّهُمْ أَلْفَوْا آبَاءَهُمْ ضَالِّينَ ﴿٦٩﴾ فَهُمْ عَلَى آثَرِهِمْ يُهْرَعُونَ ﴿٧٠﴾
 وَلَقَدْ ضَلَّ قَبْلَهُمْ أَكْثَرُ الْأَوَّلِينَ ﴿٧١﴾ وَلَقَدْ أَرْسَلْنَا فِيهِمْ
 مُنْذِرِينَ ﴿٧٢﴾ فَانْظُرْ كَيْفَ كَانَ عَاقِبَةُ الْمُنْذَرِينَ ﴿٧٣﴾
 إِلَّا عِبَادَ اللَّهِ الْمُخْلَصِينَ ﴿٧٤﴾ وَلَقَدْ نَادَيْنَا نُوْحًا فَلْنِعْمِ
 الْمُجِيبُونَ ﴿٧٥﴾ وَبَجَيْنَاهُ وَأَهْلَهُ مِنَ الْكَرْبِ الْعَظِيمِ ﴿٧٦﴾

37.77 - ka ireo taranany no nataonay hany sisa velona,
 37.78 - ary nataonay nipetraka teo amin'ny taranaka ny fahatsiarovana azy.
 37.79 - Fiadanana ho an'i Noa, manerana izao tontolo izao!
 37.80 - Toy izany no hamalianay soa, ireo mpanao soa.
 37.81 - Hamafisina, fa isan'ireo mpanomponay mpino izy.
 37.82 - Avy eo, dia narendrikay ireo sasany hafa.
 37.83 - Hamafisina, fa i Abrahama dia isan'ireo mpiray finoana taminy.
 37.84 - Rehefa tonga teo amin'ny Tompony tamin'ny fo madio izy.
 37.85 - Rehefa niteny tamin'ny Rainy, sy tamin'ny vahoakany izy hoe: "Inona no tompoinareo?"
 37.86 - Mitady andriamanitra hafa noforonina ankoatra an'Andriamanitra va ianareo?
 37.87 - Inona no hevitrareo mikasika ny Tompon'izao tontolo izao?
 37.88 - Dia nanopy maso tsara teny amin'ny kintana izy (Abrahama),
 37.89 - ka niteny izy hoe: "Marary aho".
 37.90 - Nanome lamosina azy izy ireo, sady lasa.
 37.91 - Dia nankeo amin'ireo sampy izy, ka niteny hoe: "Tsy misakafo va ianareo?"
 37.92 - Inona no tsy mampiteny anareo?"
 37.93 - Avy eo, nokapohiny antsokosoko tamin'ny tanany havanana izy ireo.
 37.94 - Rehefa izany dia nihazakazaka nanatona azy ny olona.
 37.95 - Hoy izy: "Sary sokitra namboarinareo ihany va no tompoinareo,
 37.96 - nefa Andriamanitra no Nahary anareo, sy izay amboarinareo?"
 37.97 - Hoy izy ireo: "Aoka ianareo handrafitra toerana (lafaoro) ho azy, ka atsipazo ao anaty afo izy".
 37.98 - Nitady hanao teti-dratsy taminy izy ireo, nefa izy ireo indray no nambanianay.
 37.99 - Ary hoy Abrahama: "Handeha ho any amin'ny Tompoko aho, fa izy no hitarika ahy.
 37.100 - Tompo ô! Mba omeo (taranaka) amin'ireo olon'ny fahatsarana aho".
 37.101 - Koa nambaranay azy ny vaovao tsara, amin'ilay zazalahy be fangorahana (Ismaela)
 37.102 - Ary rehefa tonga tamin'ny taona nahafahany nanaraka azy izy, dia niteny izy (Abrahama) hoe: "Anaka, nanofy nanao sorona anao aho. Ka ahoana ny hevitrao?". Hoy izy (Ismaela): "Dada ô! Ataovy izay nandidiana anao, ho hitanao aho, raha sitrak'Andriamanitra, fa ho isan'ireo manam-paharetana".

وَجَعَلْنَا ذُرِّيَّتَهُ هُمُ الْبَاقِينَ ﴿٧٧﴾ وَتَرَكْنَا عَلَيْهِ فِي الْآخِرِينَ ﴿٧٨﴾ سَلَّمَ
 عَلَى نُوحٍ فِي الْعَالَمِينَ ﴿٧٩﴾ إِنَّا كَذَلِكَ نَجْزِي الْمُحْسِنِينَ ﴿٨٠﴾ إِنَّهُ مِنْ
 عِبَادِنَا الْمُؤْمِنِينَ ﴿٨١﴾ ثُمَّ أَغْرَقْنَا الْآخِرِينَ ﴿٨٢﴾ وَإِذْ مِنْ
 شِعْبِ لَٰذِبْرَهِيمَ ﴿٨٣﴾ إِذْ جَاءَ رَبَّهُ بِقَلْبٍ سَلِيمٍ ﴿٨٤﴾ إِذْ قَالَ
 لَأَيُّكُمْ وَاقِعُهُ مَآذِنَ الْعَبْدُونَ أَيْفَ كَآءُ إِلَٰهَةٍ دُونَ اللَّهِ تُرِيدُونَ
 ﴿٨٥﴾ فَمَا ظَنُّكُمْ بِرَبِّ الْعَالَمِينَ ﴿٨٦﴾ فَظَرَّ نَظْرَةً فِي النُّجُومِ ﴿٨٧﴾
 فَقَالَ إِنِّي سَقِيمٌ ﴿٨٨﴾ فَتَوَلَّوْا عَنْهُ مُدْبِرِينَ ﴿٨٩﴾ فَرَاغَ إِلَى إِلَٰهِهِمْ
 فَقَالَ أَلَا تَأْكُلُونَ ﴿٩٠﴾ مَا لَكُمْ لَا تَنْطِقُونَ ﴿٩١﴾ فَرَاغَ عَلَيْهِمْ ضَرْبًا
 بِالْيَمِينِ ﴿٩٢﴾ فَأَقْبَلُوا إِلَيْهِ يَزْفُونَ ﴿٩٣﴾ قَالَ أَعْبُدُونِ مَا نَحْنُ جُنُودَ
 ﴿٩٤﴾ وَاللَّهُ خَلَقَكُمْ وَمَا تَعْمَلُونَ ﴿٩٥﴾ قَالُوا ابْنُوا لَهُ بُنْيَانًا فَأَلْقُوهُ
 فِي الْجَحِيمِ ﴿٩٦﴾ فَأَرَادُوا بِهِ كَيْدًا فَجَعَلْنَاهُمُ الْأَسْفَلِينَ ﴿٩٧﴾
 وَقَالَ إِنِّي ذَاهِبٌ إِلَىٰ رَبِّي سَيِّدِينَ ﴿٩٨﴾ رَبِّ هَبْ لِي مِنَ الصَّالِحِينَ ﴿٩٩﴾
 فَبَشِّرْنَاهُ بِعِلْمٍ حَلِيمٍ ﴿١٠٠﴾ فَلَمَّا بَلَغَ مَعَهُ السَّعَىٰ قَالَ
 يَبْنِيْ إِنِّي أَرَىٰ فِي الْمَنَامِ أَنِّي أَذْبَحُكَ فَانْظُرْ مَاذَا تَرَىٰ قَالَ
 يَبْنَوتُ أَفْعَلْ مَا تُؤْمَرُ سَتَجِدُنِي إِنْ شَاءَ اللَّهُ مِنَ الصَّابِرِينَ ﴿١٠١﴾

- 37.103 - Ary rehefa samy nankato (ny baikon'Andriamanitra) izy mianaka, ka nahohony izy;
 37.104 - dia indro fa niantso azy Izahay hoe: "Ry Abrahamal!
 37.105 - Notanterahinao ny fahitana. Toy izany no hamalianay soa ireo mpanao soa".
 37.106 - Hamafisina, fa izany tokoa no fitsapana miharihary.
 37.107 - Ary dia nosoloinay tamin'ny sorona lehibe izy.
 37.108 - Ary nataonay nipetraka teo amin'ny taranaka ny fahatsiarovana azy.
 37.109 - "Fiadanana anie ho an'i Abrahamal".
 37.110 - Toy izany no hamalianay soa ireo mpanao soa;
 37.111 - fa isan'ireo mpanomponay mpino tokoa izy.
 37.112 - Nambaranay azy ny vaovao tsara, ny amin'i Ishaka izay mpaminany isan'ireo olo-mendrika,
 37.113 - ary nosoavinay izy sy Ishaka. Fa misy amin'ireo taranany ny tsara, ary misy koa, ireo manao ny tsy rariny miharihary amin'ny tenany.
 37.114 - Ary nomenay tombontsoa manokana tokoa i Mosesy sy Harona,
 37.115 - ary navotanay tamin'ny fahoriana lehibe izy ireo, ary koa ny vahoakany,
 37.116 - ary novonjenay izy ireo, ka dia izy ireo no mpandresy.
 37.117 - Nomenay azy ireo koa ny Boky mazava,
 37.118 - ka notarihinay amin'ny lalana mahitsy izy ireo.
 37.119 - Ary nataonay nipetraka teo amin'ny taranaka ny fahatsiarovana azy ireo.
 37.120 - "Fiadanana anie ho an'i Mosesy sy Harona".
 37.121 - Toy izany no hamalianay soa ireo mpanao soa;
 37.122 - fa isan'ireo mpanomponay mpino tokoa izy ireo.
 37.123 - Marina fa Elia dia isan'ireo Iraka.
 37.124 - Rehefa niteny tamin'ny vahoakany izy hoe: "Moa tsy matahotra (an'Andriamanitra) va ianareo?".
 37.125 - Mangataka amin'i sampy baal va ianareo, ka mandao Ilay Mpahary mendrika indrindra,
 37.126 - Andriamanitra no Tomponareo sy Tompon'ireo razambenareo taloha indrindra.

فَلَمَّا أَسْلَمُوا وَلَهُ لِلْجَبِينِ (١٠٣) وَنَدَيْنَاهُ أَنْ يَا إِبْرَاهِيمُ (١٠٤) قَدْ صَدَّقْتَ الرُّيَا إِنَّا كَذَلِكَ نَجْزِي الْمُحْسِنِينَ (١٠٥) إِنَّ هَذَا لَهُوَ الْبَلَاءُ الْمُبِينُ (١٠٦) وَفَدَيْنَاهُ بِذَبْحٍ عَظِيمٍ (١٠٧) وَتَرَكْنَا عَلَيْهِ فِي الْآخِرِينَ (١٠٨) سَلَامٌ عَلَى إِبْرَاهِيمَ (١٠٩) كَذَلِكَ نَجْزِي الْمُحْسِنِينَ (١١٠) إِنَّهُ مِنْ عِبَادِنَا الْمُؤْمِنِينَ (١١١) وَبَشَرْنَاهُ بِإِسْحَاقَ نَبِيًّا مِّنَ الصَّالِحِينَ (١١٢) وَتَرَكْنَا عَلَيْهِ وَعَلَى إِسْحَاقَ وَمِنْ ذُرِّيَّتِهِمَا مُحْسِنٌ وَظَالِمٌ لِّنَفْسِهِ مُبِينٌ (١١٣) وَلَقَدْ مَنَّا عَلَى مُوسَى وَهَارُونَ (١١٤) وَنَجَّيْنَاهُمَا وَقَوْمَهُمَا مِنَ الْكَرْبِ الْعَظِيمِ (١١٥) وَنَصَرْنَاهُمْ فَاكْنُؤُهُمُ الْغُلِيِّينَ (١١٦) وَأَوَّيْنَاهُمَا الْكُتُبَ الْمُسْتَيْنِ (١١٧) وَهَدَيْنَاهُمَا الصِّرَاطَ الْمُسْتَقِيمَ (١١٨) وَتَرَكْنَا عَلَيْهِمَا فِي الْآخِرِينَ (١١٩) سَلَامٌ عَلَى مُوسَى وَهَارُونَ (١٢٠) إِنَّا كَذَلِكَ نَجْزِي الْمُحْسِنِينَ (١٢١) إِنَّهُمَا مِنْ عِبَادِنَا الْمُؤْمِنِينَ (١٢٢) وَإِنَّا إِلَيَّاسَ لَمِنَ الْمُرْسَلِينَ (١٢٣) إِذْ قَالَ لِقَوْمِهِ أَلَا تَتَّقُونَ (١٢٤) أَتَدْعُونَ بَعْلًا وَتَذَرُونَ أَحْسَنَ الْخَالِقِينَ (١٢٥) اللَّهَ رَبَّكُمْ وَرَبَّ آبَائِكُمُ الْأَوَّلِينَ (١٢٦)